TEKNIKA FAMPIANARAN'I JESOSY

Pasteur Heriniaina Randriamanantena

FANOROAM- PEJY

FAMARITANA SY FAMPAHAFANTARANA NY LESONA

I) FAMPIDIRANA NY LESONA

II) PLANA TSY NISY TOA AZY ,ANJARA TSY AZO AMPITAHAINA:FAHEFANA,TANJONA,ARY NY VOTOATON'NY FAMPIANARAN'I JESOSY

III) FAMPIOFANANA IZAY NANOVA IZAO TONTOLO IZAO:FANOFANANA NY MPIANATRA ROAMBINIFOLO:ny maha-mpianatra I

IV) FOMBA FAMPIANARANA TSY MIFANARAKA

V) FANANDRAMANA FAMPIANARANA MAHAZATRA

VI) LESONA LEHIBE INDRINDRA HO AN'NY FOTOANA REHETRA

« NY HAZO FIJALIANA »

VII) IRAKA LEHIBE INDRINDRA TEO AMIN'NY TANTARA(ny maha-mpianatraII)

FAMPAHAFANTARANA NY MPANORATRA

FAMARITANA FOHIFOHY

Fandinihana an'I Jesosy amin'ny maha-mpampianatra Azy. Ny fahefana,ny iraka,ny votoatiny, ny fitsipika, ny asa fampianarana, sy ny fomba fiasan'ny Tompontsika dia nofakafakaina. Notsindrina manokana ny toeran' ny hazo fijaliana teo amin'ny fanabeazana sy ny Fanahy Masina amin'ny maha-mpampianatra Azy.

FOTOTRY NY FAHALALANA

Boky maro lavitra no nosoratana mikasika an'I Jesosy mihoatra ny mikasika olon-kafa teo amin'ny tantara. Ny saika ankamaroan'izy ireny dia miresaka momba an'I Jesosy amin' ny maha mpitari-pivavahana sy Mpanavotra izao tontolo izao Azy.

Ary mifanaraka amin'izay dia olona vitsy no nihevitra an'I Jesosy ho mpampianatra ary dia vitsy koa ny boky nosoratana mikasika izany. Kanefa nisy olo-manan-kaja naira-niaina tamin'I Jesosy, mpitarika siedriona Jiosy iray, niantso an'I Jesosy ho"mpampianatra tonga avy amin'Andriamanitra" N.Anderson(*The Teachings of Jesus;*Downers Grove,IL InterVarsity Press,1983"dia milaza fa ao amin' ny filazantsara Grika Kristy dia antsoina amim-panajana amin'ny anaram-boninahitra natokana ho an'ireo mpampianatra miavaka in- 5O mahery. Joseph A. Grassi"*The Teacher in the Primitive Church and The Teacher today,* Santa Clara ,CA: University of Santa Clara Press" dia nilaza fa ny teny hoe "mpampianatra" *didaskolos* dia nampiasain'ny hafa hilazana an'I Jesosy ao amin' ny filazantsara efatra eo amin' ny im-48 eo ho eo raha mamariparitra ny asa ataon' I Jesosy amin' ny hoe *didaskein* in-50 eo ho eo ny evanjelista. Ny fananan'ny asa fampianarana nataon'I Jesosy toerana lehibe no nitarika an'I C.B. Eavey hilaza hoe"Mpanasitrana matetika Izy, indraindray mpanao fahagagana, imbetsaka mpitory teny kanefa dia mpampianatra foana."

Ny fifanarahana voalohany natao fantatra mikasika an'I Kristy amin' ny maha-mpampianatra Azy dia nosoratan'I Clement avy any Alexandria. Nampitondraina ny lohateny hoe *Paidagogos,* ary nadika hoe"Kristy ilay Mpanabe".John Marquis dia nilaza hoe"Ny Tompo …nanomboka tamin'ny roambinifolo tao an-dakilasiny. Ny tsirairay tamin'izy ireo ankoatra an'I Jodasy dia lasa mpampianatra lehibe ihany koa,ary niteny ireo mpiara-belona aminy tamin'ny fahefana ara-moraly tsy fahita firy teo amin' ny taranak'olombelona. Raha tsaraina amin' ireo vokatra ,dia tsy mihoapapana ny filaza fa namoaka mpampianatra lehibe indrindra tsy mbola fahitan'izao tontolo izao Jesosy avy amin' ny sekoliny." Herman H Horne,filozofa,mpahay lalàna ,sy mpanoratra boky mihoatran' ny roapolo, dia nanasongadina ny maha-zava-dehibe an'I Jesosy teo amin' ny tantaran' ny fanabeazana tamin'ny 1920 ao amin' ny bokiny atao hoe *Jesosy Ilay Tompo*

Pasteur Heriniaina Randriamanantena

Mpampianatra (efa nivoaka hatramin' ny 1971 tamin'ilay lohateny hoe Ny teknika fampianaran'I Jesosy. Grand Rapids, MI Kregel) .Ao amin' ny pejy 159ff Horne dia mamerina mijery tantarana fampianarana samihafa ary mahita fa ny sasany dia maneho taratra ny fampianarana Jiosy ary nitanisa fampianarana kristiana vitsivitsy tamin' ny vanim-potoana kristiana, saingy saika tsy misy amin'izy ireo manaiky an'I Jesosy ho mpanabe(mpampianatra). Mitaraina izy fa ,tahaka ny Betlehema fahiny ,dia tsy misy toerana ho Azy(Jesosy) ao anaty. Manolotra tranga valo tsy miangatra izy noho izany maneho ny maha-ivo an'I Jesosy amin'ny maha-mpampianatra lehibe indrindra Azy eo amin' ny tantara. Satria mety tsy hiombon-kevitra amin' ireo teboka arosony ny sasantsasany , ny zava-misy hoe"maro lavitra ny mpanara-dia Azy mihoatra noho ny an'ireo mpampianatra hafa" sy ny hoe ireo fandaminana milaza ny tenany ho kristiana dia nanangana rafi-mpampianarana natao hanaparitahana ireo fampianaraNy,izay miasa manerana izao tontolo izao-ireo dia porofo miantso amin' ny fianarana amin' ny saina tsy miangatra ireo foto-kevi-mpampianarana sy ny fomba fiasan'I Jesosy

Tanjona ankapoben'ny lesona

Ny mpianatra ity lesona ity dia

1.Hahalala ny teknikam-pampianarana nampiasain'I Jesosy

2.Hankasitraka ireo teknikam-mpampianaran'I Jesosy

3.Homen'ny Fanahy Masina hery hampianatra ka hampiasa ny fomba fiasan'I Kristy

Zavatra takian'ny fianarana

1.Takiana ny fanatrehana ara-dalàna sy ara-potoana

2.Mandray anjara amin' ny adi-hevitry ny kilasy. Ny kilasy dia hiasa tahaka ny "vondron'olona mpandalina sy liana" ka eo no hifampizarantsika ny fahalalana sy ny fomba fijery avy amin' ny literatiora sy avy amin' ny fanandramantsika samihafa. Ny zavatra noforonin' ny mpianatra dia ho tehirizina sy ankasitrahana.

3.Hanao tatitra amin' ny famitana vaky boky ao amin' ny karatra 4"x6" ny mpianatra

Boky hakana lahatsoratra

The Teaching Techniques of Jesus, nosoratan'I Herman Horne.Grand Rapids,MI: KregelPublications,1982

Ho an"ny mpampianatra

Ity boky kely ity toa feno fitaovana maro mihoatran' ny azo ampiasaina mandritra ny fotoana fianarana voafaritra ho an'ny IICM . Fidio ary ampifanaraho amin' ny zava-misy izay tena ilaina sy mifanaraka amin' ny toe-javatra misy anao

Pasteur Heriniaina Randriamanantena

LESONA A

NAOTY FAMPIANARANA

Ny fikarohana nataon'I Ronald Bissell, fony izy mpianatra tao amin' ny Oniversite Andrews, izay mifangaro betsaka amin'ity fitaovana ity dia tena nekena tamim-pankasitrahana tokoa.

I.FAMPIDIRANA AMIN' NY FIANARANA

Tanjona

1.Rehefa nihaino an'I Jesosy ny olona dia nifanontany hoe "taiza no nahazoany izany rehetra izany?"(Marka1 :22;6:2).Afaka hitanisa ny loharano nanovozana ny fampianarana izay noraisin'I Jesosy ny mpianatra ary avy eo handanjalanja ny loharano nanovozany ny fianarany hanoherana ireo fototra marefo.

2.Afaka hamantatra sy hanazava ny toetoetran' ny fampianarana sy ny maha-azo antoka an'I Jesosy ny mpianatra

3.Hamaly amin" ny fomba mazava sy azo tsapain-tànana ny hoe "inona ny namorona ny antso sy ny iraka nataon'I Jesosy?""Ary inona no mameno ny antso voaraiko sy ny iraka nampanaovina ahy?"

Jesosy, Ilay Mpampianatra

Jesosy ny Mpanavotra, Jesosy Ilay nohomboana, Jesosy Tompo—fa Jesosy Ilay Mpampianatra? Mianatra ny fampianaran'I Jesosy isika fa ahoana kosa ny amin' ny Mpampianatra izy tenany mihitsy? Rehefa nankeo amin'I Jesosy tamin' ny alina Nikodemosy dia nilaza hoe, " Fantatro fa mpampianatra avy tamin'Andriamanitra hianao".

Araka ny voalazan'I Anderson, "Mpampianatra"(grika :*didaskolos* na ao amin' ny Lioka indraindray *epistates)* izay nadikan'ny Authorized Version araka ny tokony ho izy hoe "Tompo", no anarana nampiasaina matetika niantsoana an'I Jesosy nandritra ny fotoana niainany teto an-tany. Ireo teny grika roa ireo dia mitovy lenta hoy izy amin' ny Hebreo "Raby"izay fomba fanajana ara-dalàna hiantsoana mpampianatra manan-kaja iray. Nolazainy fa samy niantsoana an'I Jesosy avokoa ireo anarana ireo mihoatra ny in-dimampolo ao amin' ny filazantsara Grika.(Anderson, N. The Teaching of Jesus, Downers Grove,IL Inter Varsity Press, 1983)

Ao amin' ny tantara iray ,ny mpanara-dia Azy dia in-31 no niantso Azy hoe Mpampianatra, nilaza ny tenany ho Mpampianatra in-5 Jesosy, ary ny teny hoe Raby na Rabony dia ampiasaina in-14 entina manondro an'I Jesosy. Ny andro taorian'ny batisany tao Jordana, dia efa niantso Azy sahady ho Raby Andrea sy Jaona izay midika hoe"Tompoko"(Jaona 1:38)

Milaza Grassi fa ny teny hoe "Mpampianatra" *didaskalos* dia ampiasain' ny hafa eo amin' ny imbalo amby efa-polo eo ao amin' ny filazantsara efatra raha mamaritra ny asan"I Jesosy amin' ny hoe didaskein in-50 eo ho eo kosa ny Evanjelista.

Pasteur Heriniaina Randriamanantena

Ny fibahanan-toeran' ny asa fampianarana nataon"I Jesosy no nitarika an'I C.B. Eavey hilaza hoe "Mpanasitrana Izy matetika, Mpanao fahagagana amin' ny fotoana sasantsasany; mpitoriteny Imbetsaka kanefa dia mpampianatra foana"

Misy zavatra telo izay mahatonga an'I Jesosy ho mpampianatra: (1)nanaiky Azy ho mpampianatra ny vahoaka; (2) ny filazantsara dia mamaritra ny asa ataony ho asa fampianarana, ary (3) nantsoina hoe "Mpianatra "ireo mpanara-dia Azy.

Ary koa ny fampianaran'I Jesosy dia niavaka ny famolavolana Azy mihoatra ny zavatra rehetra ka tsy mbola nisy mpanabe na iray aza nanao izany. Ny lanitra no sekoly; ny fiainana no sekoly;ny zava-boahary no trano fianarana, Andriamanitra no Mpampianatra ary fiainana mandrakizay no mari-pahaizana irina. Ny fomba fampianarana sy fanabeazana ao amin'ny Baiboly dia tsy mifantoka amin' ny mari-pahaizana sy ny fombafomban'ny toeram-pampianarana. Satria ny fampianara'I Jesosy dia tsy mikasika mari-pahaizana-fa miompana amin' ny fiforonan'ny Kristiana tsirairay manokana manokana .

Kristy dia tsy tahaka ny Raby nahazatra. Mety hamaritana tsaratsara kokoa Azy dia toy ny mpaminany mpampianatra.

Ny mpanora-dalàna niteny hoe:"Izao no lazain'ny lalàna"

Ny mpaminany nilaza hoe" Izao no nolazain'I Tompo"

Kristy nilaza hoe "Lazaiko aminareo "

Teo amin'ny fomba nampitàna ny Filazantsara teo amin' ny taranak'olombelona dia ny Mpampianatra no lakile nanan-danja. Izy tenany, tamin'ny alalan'ny fifaneraserana manokana sy fiarahana tamin'ny "kilasiny" dia naneho ny Tenany, Ilay Làlana. Ny fiangonan'ny Testamenta vaovao toy izay anehoana azy ao amin'ny Asan'ny Apostoly dia vatam-pampianarana no betsaka, teo ambany fiahian'ilay Mpampianatra Nampanantenaina mivantana(Ny Fanahy Masina)nanehoana Ny "Lalàna".

Na dia tsy mbola voasoratra ho boky tany am-boalohany aza ny Filazantsara ho "Fototry ny Fanabeazana" na "Fomba Fampianarana", ny mpino mahay manavaka tsara dia hahita harem-pampianarana miafina tsy mety lany.

Filazan-toetra momba an'I Jesosy, Antso sy ny Iraka nampanaovina Azy

1. Nampianatra tamin' ny fomba hafa noho ny an'ireo mpanora-dalàna(Marka 1:22)"Fahefana manao ahoana no hanaovanao izao zavatra izao?"(Marka 11:28). Nahita an'I Petera sy Jaona lehilahy tsy nanam-pahalalana –nanjary nahazo fahalalana rehefa niaraka tamin'I Jesosy(Asa 4:13)
2. Jesosy ilay mpandinika maranitra ny amin' ny fizotry ny zava-boahary, ny pitsopitsony amin'ny fiainan'ny ao an-tanàna, ny saina sy ny fon"ny olombelona. Fantany izay tao anatin' ny olona(Jaona 2:25)

Pasteur Heriniaina Randriamanantena

3. Nanana fahalalana lalina ny Testamenta Taloha Jesosy. Ny fahazoany ny tena dikan'izany sy ny fampiharany azy teo amin' ny Iraka nataony dia tena azo mivantana avy amin' ny firaisany tamin' ny Ray "Abba-communion" (Jereo : Anderson N. The Teaching os Jesus Dozners Grove.IL: Inter Varsity Press.1933,p.11)
4. Ny maha-Izy an'I Jesosy(Mpampianatra nahasintona ve Kristy?)

a."Feno ny Fanahy sy fahamarinana"(1Jaona 1:14)

b. Afaka nangataka ny olona hanao zavatra tsy hay hazavaina ary dia nataon'ireo izany. Afaka mieritreritra ohatra ve hianao?

d. Ny zavatra lehibe indrindra azon' ny mpianany avy Aminy dia tsy foto-pinoana fa hery miasa mangina.

e. Zavatra izay nahatonga ny maha-izy azy ny Tompo ho matanjaka sy manintona:

1) Ny toetra. Tsy misy zavatra manendrika tahaka ny toetra

2)Fahalianana amin' ny hafa

3) Fahazoana antoka

Ireo dia nifototra amin' ny boky Learning to teach from the Master Teacher. Philadelphia:Westminster Press, 1925,pp. 67-72)

f. Nanana an'Andriamanitra ho ivon' ny toetrany Izy(Jaona 17:19). "Ary ho an'ireto no nanamasinako ny tenako"

5.Iraka. Ny asa fanompoana tsy mampino nataon"I Jesosy dia nifototra tamin' ny fahatsapany ny iraka. Ahoana ny fahatsapana iraka henonao "mirehitra ao amin' ny taolanao?" Ahoana ary oviana no nahatongavan'ity fahatsapana iraka ity tao aminao ary nampiasainao tamin' ny inona izany?

Vakiteny hisafidianana sy enti-mody

1.Vakio ao amin'Ilay Fitiavana Mandresy, nosoratan'I Ellen White, ny took hoe"Jesosy Zaza", "Ny nandalovany tamin' ny Andro Paska", "Adim-piainana teo amin' ny fahazazana"

2. Vakio ao amin' ny boky Education, Ellen White, ny took "Mpampianatra avy amin'Andriamanitra"(pp73083). Tadidio ny Zavatra lehibe efatra ao amin' ny filazalazana momba an'I Kristy(p77:2): (1)asa ilaina; (2) Fianarana ny Soratra Masina; (3) Fianarana ny zava-boahary; (4) fanandramana eo amin' ny fiainana. Fanontaniana isaintsainana: ahoana ny fomba hianarantsika na hianaranao avy amin' ny fiainana?

3. Maromaro no mihevitra, ary anisan 'izany ny mpampianatra ity kilasy ity, fa ao amin' ny boky Ministry of healing no ahitana ireo filazana lasa lavitra indrindra momba ny iraka sy ny filozofian' ny fitaizana mety ho ao amin' ny asa soratry Ellen White. Safidy ankoatry ny 2. Dia azon' ny

mpianatra atao ny mamaky ny toko “Fanabeazana tena izy ,fifoanana ho misionera”(pp 305-404), ka marihuana tsara ny “zava-dehibe efatra”(big four) ao amin’ ny pejy 400.

4.Boky maro lavitra no voasoratra mikasika ny fiainan’I Kristy mihoatra ny resaka hafa maro. Ny mpanoratra sasany dia nanoratra mety ho pejy iray famintinana midera izay nataon’I Jesosy. Zavatra tahaka ny hoe”Teraka teo anivon’ ny tontolo masiaka tao amin’ ny zoro maizin’ny Ampira Romana , tsy mba nandeha mihitsy nihoatra ny 150 maily niala ny teorana niaviany nandritra ny asa fanompoana nataony”,….sns. Mitadiava filazana mamintina ny fiainan’I Jesosy tahaka izany dia ento zaraina eo amin’ ny kilasy izany

LESONA B

II. PLANA TSY MANAM-PAHAROA, ANJARA TSY AZO AMPITAHAINA:

FAHEFANA, TANJONA, NY VOTOATON’NY FAMPIANARAN’I JESOSY

Ity lesona ity dia mikendry ny handalinana kokoa ny fiheverana ny iraka sy ny tanjona nampidirina tao amin’ ny Lesona A ary hijerena ny fomba nampirindra ny fampianaran’I Jesosy tamin’ireo tanjona voalaza. Hojerentsika voalohany ny fahefan’I Jesosy ilay Mpampianatra.

Tanjona

1.Hahafahan’ny mpianatra manavaka fahefana roa samihafa ary haneho tohan-kevitra tsara amin’ireo singa ao amin’ ny fahefan’I Jesosy amin’ ny maha-mpampianatra Azy.(miaraka amin’ ny lahatsoratra mifandraika amin’ izany)

2.Ny mpianatra dia hanomboka hamolavola hevitra miksika ireo tanjona na zava-kendren’ ny fanabezan’I kristy raha ampitahaina amin’ ireo tanjon’ireo mpampianatra lehibe voafantina.

3.Aorian’ ny fianarana ny lohahevitra, dia tokony ho afaka hamoaka paragrafy iray mamintina milazalaza ny votoatin’ ny fampianaran’I Jesosy ny mpianatra izay ahitana toha-kevitra avy amin’ireo lahatsoratra ara-baiboly(oh Marka 1:15;Mat 4:23, sy ny Beatitudes) sy fara-fahakeliny filazana manan-kery telo ivelan’ ny fahefan’ ny Baiboly.

Ny fahefan’I Jesosy

1.Afaka nilaza izay tsy mbola nolazain’ ny mpampianatra hafa Izy “Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana”. Afaka nijoro teo anatrehan’ny fitsarana Izy rehefa voapanga ka nilaza hoe “iza aminareo no manameloka Ahy ho mpanota?” Afaka naheno ny mpitsara Azy nanao hoe Izy “tsy hitako izay helok’ity lehilehy ity “sy hoe “tsy nanao zavatra ratsy ity lehilahy ity”. Miaraka amin’I Jesosy tsy hoe “ataovy izay lazaiko” fa hoe “ataovy izay ataoko”(Murch, Christian Education and The Local Church, pp 32-33).

2.Ny tsiambaratelon’ny fahefan’I Kristy

Ireo mpanora-dalàna dia nitanisa olona hafa ho manam-pahefana. Mahalana izy ireo no milaza zavatra avy aminy. “Raby sns nilaza hoe marina izany”. Jesosy nilaza hoe, “Lazaiko aminareo marina tokoa….”

a.Ny fahalalany ny zavatra resahina

Tsy hiteny amim-pahefana mihitsy hianao mandra-piteninao amim-pahalalana

b. Fanandramany ny zavatra lazainy

Inona no zavatra manokana azonao hanehoana izany? Tsy azonao atao ny mampianatra ny kilasinao fa ny fahamarinana dia hahafaka anareo raha tsy efa nahafaka anao izany.

c. Sainin’I Jesosy tsara ny anton-dresany ary alaminy mba hahatonga izany ho tsotra sy hazava amin’ ny hafa.(Jereo Marquis, Learning to teach From the Master Teacher, pp21-25)

3. Fahefan’ny fahamarinana

Nilaza Kristy “Izaho…no fahamarinana” Moa manana ny fahamarinana ve hianao? Inona ny tombambidin’ ny fahamarinana aminao? Inona no dikany aminao? Mahafaka antsika ve ny fahamarinana? Nahafaka antsika foana ve ny fahadisoana?

Izao no nolazain’I Wayland raha niresaka ny amin’ ny fahamarinana manafaka ny mpandray azy:

“Azo gadraina ny vatana fa na ny helo na ny kotaba tsy afaka hanajamba ny fanahy. John Bunyan tao amin’ ny fonjan’ny Bedford, John Milton tao amin’ ny aizin’ ny fanamelohana ho faty, Masin-dahy Jaona tao amin’ ny nosy Patmosy dia porofo tsy azo hiadian-kevitra sy tsy mety maty ny amin’izany.

Tanjona sy Iraka

1.Ny teny fampidirana mialohan’ ny Didy Folo dia azo heverina tsara ho teny filamatry Jesosy-mamon jy sy manafaka ny mpanota avy amin’ ny trano fanandevozana(Eks.20:2)

2. Fananany toe-tsaina mamita iraka.

“Misy fomba maro be tokoa andraisana ny fiainana. Ny iray mety handray izany tsy misy fieritreretana sy ara-boajanahary, tahaka ny biby; na ny hafa mety miezaka ny hamaritra izany tahaka ny mpanao siansa; na ;ny iray hafa miezaka hanazava azy tahaka ny filozofa; na ny hafa miezaka manao sary izany, tahaka ny artista mpanao hosodoko; na ny iray miezaka mampivoatra ny fiainana tahaka ireo mpanasoa ny olona ; na ny hafa miezaka mamonjy azy tahaka ny nataon’ I Jesosy, sy ireo miasa sy mampianatra amin’ ny anaraNy. Nanokana ny fiainany Jesosy ho amin’ ny iraka famonjena, ary hiandry ny olona tahaka ny ondry Izy izay miparitaka raha tsy misy mpiandry. (Horne, Philosophy of Christian Education, pp48-49)

Vontoatiny

Pasteur Heriniaina Randriamanantena

1.Ny toriteny teo an-tendrombohitra dia famintinana ireo fampianaran'I Jesosy. "Fahitana mahafinaritra " ho amin' ny fiainam-pandresena no hiantsoan'I Murch ny Toriteny teo an-tendrombohitra.

2. Inona ny lohahevitra tena tian'I Jesosy?

Jereo:

Graves, "What did Jesus teach?"pp180-182(jereo manokana ny P.181.2)

Horne, "Philosophy of Christian Education", p28.

3. Lohahevitra fototra izay hiverimberenan'I Jesosy hatrany hatrany.

Fahakaikezan' ny Fanjakan'Andriamanitra

Fahatongavan'ny vanim-potoana vaovao(Kairos)

Famindrampon'Andriamanitra ho an'ny mpanota mafy hatoka

Ny fitsarana ho avy

Finoana

Ny maha-mpianatra

Ny hakana fanahy Azy sy ny hahafatesany

Ny andro farany

(Mohler, The School of Jesus, p.26)

4.Teo amin' ny fitenenan'I Kristy am-pahibemaso voalohany dia nanambara ny fahitany ny Fanjakana Izy (Lioka 4)

a. Fikarakarana tsara ho an'ny mahantra

b. Fahafahana ho an'ny babo

d. Fahitana indray ho an'ny jamba

e. Fahafahana ho an'ireo maratra . Ilay taona ankasitrahana ho an'ny Tompo

5. Raha ny fananganana ny fanjakan'Andriamanitra no votoatiny mivantana sy maika tao amin' ny fampianaran'I Jesosy dia inona no ambaran' izany mikasika ny votoatin' ny fampianarana kristiana ankehitriny? Ilaina ve ny manambara ny fanjakana amin' ny maha-mivantana sy maika azy?

6. Azo ampiharina amin'izao andro izao ve ny fampianaran'I Jesosy?

a. Firahalahiana?

b. Tia ny namana tahaka ny tena?

d. Tsara ny manome noho ny mandray?

e. Lalàna volamena?

f. Manaiky ny tenantsika ho zanaky ny Ray any an-danitra?

g.hafa?

(Filan-kevitra: Branscomb, "The Teaching of Jesus" pp372.9-371.1)

Tanjon' ny fampianaran'I Kristy mitaha amin'ireo lehibe hafa

Ny tanjon'I Buddha dia fanafoanana tanteraka ny tena.

Ny tanjon'I Platon dia ny fahitana ny hevitra maharitra mandrakizay.

Ny tanjon'I Aristote di any fampiasana amin' ny ambony indrindra ny fahaizan'olombelona-ny fanaporofoany.

Ny tanjon'I Zeno dia fiainana iray fehezin' ny natiora

Ny tanjon' I Epicurus di any fifaliana ao anaty fahatoniana, ny fahafinaretan' ny fanajana

Ny tanjon'I Dante dia ny fahitana sy ny fifalian'Andriamanitra

Ny tanjon'I Goethe di any fanoloran-tena tanteraka ho amin' ny fahatsaran' ny fisian' ny olombelona

Ny an'I Kant indray dia mikasika ny faniriana tsara

Ny an'I Hagel dia mikasika ny fahafahan' ny eritreritra.

"Fantatry Kristy izay tsara indrindra rehetra ary nandeha dingana iray nihoatra hatrany Izy rehefa nametraka ny tanjony teo amin' ny fanabeazany; namolavola ny olona hiaina araka ny sitrapon' Andriamanitra. Na taiza na taiza nahitantsika Azy dia eo am-panaovana ity asa mampitolagaga ity Izy. Niezaka mandrakariva ny haneho amin' ny olona ny fomba hanorenana fifandraisana marina amin' Andriamanitra Izy, naneho ny fomba fiaina amin' ny fananana amin' ny fahafenoany ny hery masina. Ary farany nilaza tamin'izy ireo Izy ny fomba hiraisana amin'ireo persona masina. Nihoatra ireo mpitarika ara-tsaina sy mpampianatra lehibe tsirairay izy tamin' ny fanambarany fa ny fahatanterahana no faran' ny fanabeazana."(Murch, pp30,31)

"Nanana ireo mpampianatra lehibeny izao tontolo izao , olona nanantsaina be sy nanao fikarohana nidadasika, olona izay ny zavatra nolazainy no nanetsika ny fisainana sy nanokatra ny fijery ho amin' ny saham-pahalalana mivelatra; ary noderaina ho mpitarika sy mpanao zavatra tsara teo amin'ny foko nisy azy ireny olona ireny; kanefa misy Iray izay mitsangana ambony noho ireny. Azontsika atao ny mamaritra ny tsipika misy ny mpampianatr'izao tontolo izao lavitra araka izay Pasteur Heriniaina Randriamanantena

tratry ny firaketan' ny olombelona; kanefa ny fahazavana dia efa talohan'ireny.Tahaka ny hitarafan'ny volana sy ny kintana eo amin' ny tontolo misy antsika ny tara-pahazavan'ny masoandro, dia tahaka izany koa, na toy ny inona fahamarinan' ny fampianaran'izy ireo, ny ataon'ireo mpandinika lehibe eto an-tany dia mandefa fotsiny ihany ny tara-pahazavana avy amin'Ilay Masoandron' ny Fahamarinana. Ny tara-pahazavana avy amin' ny eritreritra rehetra, ny tsilom-pahalalana tsirairay, dia avy amin'Ilay Fahazavan'Izao Tontolo Izao"(Education,pp13,14)

Vakiteny hisafidianana sy enti-mody

1.Mba hahitana hevitra hanombohana momba ny tanjona 2 dia vakio ny Lioka4 sy 19 ary ny Murch, "Christian Education and the Local Church",pp 30,31.

2.Fanontaniana: nanao ezaka be ireo manam-pahaizana hitady zavatra fitoviana eo amin' ny foto-kevitr'I Jesosy sy ireo mpandalina ara-tsaina taloha na ankehitriny. Ahoana no hiatrehanao ireny olana ireny? Moa ny fampianaran'I Jesosy ve no niaviany voalohany? Loharanon-kevitra mamolavola mikasika ity dia Branscomb, The Teaching of Jesus, pp360-367.

3.Raha hikaroka fampahafantarana ny Tanjona 3(votoatin' ny fampianaran'I Jesosy) dia atombohy amin' ny fianarana ny Marka 1:15; Mat 4:23 ary ny The Beatitudes

4. Ampitahao/jereo ny fahasamihafan'ny iraka nataon'I Jesosy sy ny an'ny Zelota na ny Fariseo na ny Sadoseo. Jereo Grassi, "The teacher in the Primitive Church and the Teacher Today", pp31-34

LESONA D

III.FAMPIOFANANA IZAY NANOVA IZAO TONTOLO IZAO:

FAMPIOFANANA IREO ROAMBINIFOLO (Ny maha-mpianatra I)

"Ny Tompo… dia nanomboka tamin' ireo roambinifolo tao amin'ny kilasiny. Ny tsirairay tamin'izy ireo ankoatra an'I Jodasy dia lasa mpampianatra lehibe avokoa, ary niteny tamin-kery tamin'ireo taranaka fara-mandimby tamin'ny fomba tsy dia fahita teo amin' ny olombelona. Raha tsaraina amin' ny vokany, dia tsy mihoapapana angamba ny filazana fa navoakan'I jesosy avy amin'ny sekoliny ny taranaka mpampianatra lehibe indrindra tsy mbola fantatra teto amin'izao tontolo izao"(Marquis, John, Learning to Teach from the Master Teacher, Fialdelfia: Westminster Press, 1925, p. 27).

Tanjona

1.Hisafidy iray amin'ireo mpianatra ireo ny mpianata ary hanao fianarana mikasika ny fomba nanofanan'I Jesosy io mpianany io. Ampidiro, raha azo atao, ny toetoetrany sy ny toe-pony, inona ny nataon'I Jesosy izay naneho tamin'io mpianatra io fa ekeny sy mendrika izy ary noraisiny, ny fampifanarahan'ny Tompo teo amin' ny fampianarana ity mpianatra ity sady maneho ny maha tokana azy sy ny fahafaha-manaon'ilay mpianatra ary fanomezana azy izay ilainy, famahana ny olany, ary ny toe-tsainy manokana, ireo dingana natao sy ny fivoarana raha teo am-pianarana ny lesona, ny Pasteur Heriniaina Randriamanantena

olana ary ny vokany ilay mpianatra. Betsaka ny fitaovana mikasika an'I Petera, Jodasy, Jaona; ary ampy ihany koa mikasika an'I Jakoba, Matio, Natanaela sy Filipo.

2. Ny ahafahan'ny mpianatra mitanisa araka ny filaharany ireo vanim-potoana valo teo amin' ny fiainan'I Jesosy sy ny maha-zava-dehibe ireo vanim-potoana ireo raha maneho dingana fampiofanana ankapobeny izy ireo na manokana eo amin' ny fampianarana ireo mpianatra roambinifolo.

Enti-mody

1.Vakio Horne, "The Teqching Techniques of Jesus, took 20(pp.143-148)

Enti-mody fanampiny

2.E.G White," Education", ilay toko manao hoe "An Illustration of His Method"(pp84-96), ary mariho ny fomba fampianarana voalaza ao.

3. Ny mpampianatra lehibe ankehitriny dia mampiasa ny fomba fampandraisana anjara. Manaova lisitra na fotoana folo izay nampiasan'I Jesosy io fomba io niaraka tamin' ny mpianany.

4. Ahoana ny fihetsik'I Jesosy teo anatrehan' ireo nampianariny?

5. Mba hahazoana ny fizotry ny famaritana ireo dingana nahatonga ny tsy fahombiazan' ny mpianatra iray tao amin' ny Sekolin'I Kristy dia jereo "Ilay Fitiavana Mandresy", toko manao hoe "Jodasy"(pp716-720).

6. Ho amin' ny fianarana lalindalina kokoa vakio ny:

Grassi,Joseph A., *The Teacher in the Primitive Church and Teacher Today,* ch 5 "In the Company of Jesus: The Traveling Commune"(pp.21-23); toko 8 "Follow Me! Teaching Through Imitation"(pp.37-39). Ny took faha-5 dia navoaka tamin'ny endrika somary niova kely ao amin'ny bokin'ny Teaching the Way, toko 5(pp.26-29).

Hevitra hisafidianana sy fampitomboana fahalalana

1. Dingana araka ny vanim-potoana teo amin'ny asa fanompoana nataon'I Jesosy

   Valeria Wilson (natontan'I Graendorf , *Introduction to Christian Education Biblical*),p.56, dia manoso-kevitra fa misy fototra iray hita taratra eo amin'ny asa fanompoana nataon'I Jesosy. Amin'ny voalohany Izy dia manamafy ny asa ataony amin'ny tsirairay (Jaona3,4). Eo amin'ny fetra antenantenany dia miasa bebe kokoa ho an'ny vahoaka. Ary tamin'ny farany dia nitady fisitahana amin'ny asa nataony ho an'ny vahoaka Izy ary nanofana bebe kokoa ny roambinifolo.

   Tsy niezaka nanao ny asa irery Kristy . Nifantoka tamin'ny fampiofanana ny mpianatra Izy. Eo am-pijerena ny SDA Bible Commentary, vol 5,pp196-201, (jereo ny dikan'ireto pejy ireto manomboka any amin'ny faraparan'ity boky tari-dàlana ity),dia mariho fa ity Pasteur Heriniaina Randriamanantena

fanovozan-kevitra ity dia manisy fiheverana lalindalina kokoa ity olana ity . (Saritany sy filazalazana mifandraika amin'ny tsanganana 2,3 dia tsy ao anatin'ilay dika natao). Ao amin'ity "Harmony of the Gospel" ity dia ahitana lisitra na tranga 179 izay miezaka hanatratra akaikaiky kokoa ny filaharan'ny trangan-javatra ao amin'ny fitantarana ny filazantsara. Ny tranga 22,35 , 41ary ny 45 dia miresaka ny fiantsoana sy ny fandraisana amin'ny fomba ofisialy ny roambinifolo.(eo amin'ny iray taona sy tapany eo ho eo no nandalo teo elanelan'ny tranga 22-45)Ny andro izay tena feno tokoa dia aseho ao amin'ny tranga 52-55. Mariho ny fiverimberenan'ny toro-marika amin'ny tombam-bidin'ny maha-mpianatra (tranga faha55,89,106 sy ny hafa). Ny iraka nampanaovina ny roambinifolo lahy (tranga 63) dia mialoha avy hatrany ny marika fara-tampony amin'ny lazan'I Jesosy.(tranga 66). Ny krizy teao Galilia (tranga 68; vakio ny Jao 6: 66-71) dia mitarika avy hatrany ho any amin'ny vondrom-pisitahana mba hananana betsaka kokoa miaraka amin'ny roambinifolo lahy (oh: tranga 70, 80, 90). Fiovana manan-danja lehibe teo amin'ny fomba fitondran'I Jesosy ny mpianatra no manaraka ny tranga 75 (jereo Mat 16: 21) raha niditra ny aloky ny hazo fijaliana Jesosy. Voalaza ao amin'ny tranga 70, 75 (nyfe-potoana V) ary ny 114 ireo fisitahana ireo. (Ny fe-potoana faha VI dia maneho ampaham-pisitahana niainga avy teo afovoan'ny Jodaisma raha nitory tany Samaria sy Peroa.) Nalefa tany amin'ny olona ny mpianatra fitopolo ao amin'ny tranga 90. Ny tranga 149, 160 dia maneho ny fahalianan'I Jesosy lalina sy feno fitiavana tamin'ny roambinifolo lahy talohan'ny hahafatesany sy mazava ho azy nandritra ny fe-potoana VIII. Ny zava-nitranga avy eo amin'ny Fitsanganana hatramin'ny fiakarana (tranga 172-179) dia mifantoka amin'ireo mpianatra izay ho lasa apostoly tsy ho ela(izay nalefa hitory)

2. Mark 3: 14,15:"ary nanendry roambinifolo lahy Izy ho ao Aminy sy hirahiny history teny sady hanana fahefana hanasitrana sy hamoaka demonia".

3. Anjara safidy ho an'I Jodasy

Grassi, ao amin'ny The Teacher in The Primitive Church and Teacher Today, p 53 dia manambara fa tao amin'ny efi-trano ambony Jesosy dia nanome anjara safidin-tsakafo ho an'I Jodasy (silaka sakafo). Izany dia fomba fahiny izay entina hilaza fanehoam-pitiavana be sy fahalemem-panahy. Jereo Jaona 13: 26, 27. Ny eza-pitiavana farany nataon'I Jesosy mba hamakivaky ny fon'I Jodasy dia nandamoaka.

4. Kent dia mitanisa toetoetra telo mikasika ny fomba fiasan'I Jesosy amin'ireo mpianatra ireo.

a. Fahitana mialoha ny fahafahana masina miotrika ao amin'ireo lehilahy sy vehivavy izay ovainy tsikelikely ho lasa mpianatra ary amin'ny farany lasa mpampianatra.

b. Manorina fifandraisana ety manokana, fahatokiana, finamanana. Manala ny sakatsakana rehetra (ara-tsaina, ara-pihetseham-po, ara-batana, ary ara-panahy)ho amin'ny fiainana feno kokoa.

d. Amin'ny fijery feno fangoraham-po sy fitiavana , dia mahafantatra ny ilain'ny mpianatra sy ny ao am-pony. Fanoloran-tena hanome ireny zavatra ireny. (Kent, Great Teacher of Judaism and Christianity, pp 120-122)

5. Sekolim-pianakaviana.

Ny nipoiran'ny fanabeazana tao Edena dia "sekolim-pianakaviana" . Nanohy izany rafitra izany Jesosy . "Fianakavian'I Jesosy ireo roambinifolo lahy" (Ilay Fitiavana Mandresy ,p 349)

6. Ny fahagagana lehibe indrindra nataon'I Jesosy.

"Ny fampiofanana ireo roambinifolo lahy amin'ny lafiny maro no fahagagana lehibe indrindra nataony." (Le Bar, L. Education that is Chrisitan, p 81).

FAMAKAFAKANA NY BAIBOLY

Ny firindran'ny filazantsara

[jereo ny fanazavana pp 194,195]

N°	ZAVA-NITRANGA	SARITANY *	Filazalazana *	MATIO	MARKA	LIOKA	JAONA
I- Fahazazana hatramin'ny fahalehibeazana							
(Fararano, taona faha-5 talohan'I Kristy—Fararano taona faha-27 taorian'I Kristy)							
1	Sasiteny @ filazantsaran'I Jaona	-	-	--	--	--	1:1-18
2	Sasiteny @ filazantsaran'ny Lioka	-	-	--	--	1:1-4	
3	Ny razamben'I Jesosy	-	-	1:1-17	--	3:23b-38	
4	Ny fanambarana t@ Zakaria	1	1	--	--	1:5-25	
5	Ny filazana	1	1	--	--	1:26-38	
6	Ny famangian'I Maria an'I Elizabeta	1	-	--	--	1:39-56	
7	Ny nahaterahan'I Jaona Mpanao Batisa	1	1	--	--	1:57-80	
8	Ny fanambarana tamin'I Josefa, ny mariaziny	1	[1]	1:18-25			
9	Nahaterahan'I Jesosy	1	2,11	--	--	2:1-7	
10	Ny fanambarana tamin'ireo mpiandry ondry	1	-	--	--	2:8-20	
11	Ny famorana	-	-	--	--	2: 21	
12	Fanehoana tany an-	2	-	--	--	2: 22-38	

	tempoly						
13	Famangian'I Magy	2	-	2: 1-12			
14	Nitsoaka tany Egypta	2	1	2: 13-18			
15	Niverina tany Nazareta	2	[11]	2: 19-23	--	2: 39, 40	
16	Ny famangiana voalohany t@ paska	2	1,[11]	--	--	2: 41-50	
17	Fahatanorana	2	1,[11]	--	--	2: 51, 52	

II- Asa voalohandohany (Fararano, 27 TarK—Lohataona 28 Tark)

18	Asa fanompoan'I Jaona Mpanao Batisa	-	3	3: 1-12	1: 1-8	3: 1-18	
19	Ny Batisa	3	3,4	3: 13-17	1: 9-11	3: 2-23	
20	Ny fakana fanahy	3	7	4: 1-11	1:12,13	4:1-13	
21	Nambara ho ilay zanak'ondrin'Andriamanitra Jesosy	3	-	-	--	--	1:19-34
22	Ireo mpianatra voalohany	3	7	--	--	--	1:35-51
23	Fanasana fampakaram-bady tao Kana (M-1)*	3	7	--	--	--	2:1-12

III- Asa fanompoana tao Jodia (Paska voalohany, 28 tark-Paskafaharoa , 29 tarK)

24	Paska voalohany: fanadiovana ny Tempoly	4	5-7	--	--	--	2:13-25
25	Ady hevitra niaraka tamin'I Nikodemosy	4	7	--	--	--	3:1-21
26	Asa fanompoana tao Jodia	4	6,7	--	--	--	3:22-36
27	Ilay Vehivavy Samaritana	4	6,7	--	--	--	4:1-42
28	Ny zanakalahin'ilay lehilahy manna-kaja	4	7	--	--	--	4:43-52
29	Nigadra Jaona	4	7	14:3-5	--	3:19,20	
30	Ny Paska faharoa Ilay malemy tao Betesda (M-3)	4	5-7	--	--	--	5:1-15
31	Fandavan'ny sinedriona : fikatonan'ny asa fanompoana ho an'ny mponina tao Joda *Jereo p 195 + Jereo ny filazalazana 6,p229	4	5-7	--	--	--	5:16-47

Ny fitantaran'ny filazantsara efatra

IV-Asa fanompoana tao Galilia (Paska faharoa taona 29 tarK-Paska fahatelo taona faha-30 tark)

32	Fisokafan'ny asa fanompoana Galiliana	5	5-7	4:12	1:14,15	4:14,15	
33	Fandavana voalohany tao Nazaretana	5	6,7	--	--	4:16-30	
34	Fanesorana tao Kapernaomy	5	7	4:13-17	--	4:31	
35	Ny antso teo an-dranomasina (M-4)*	5	7	4:18-22	1:16-20	5:1-11	
36	Ilay Demoniaka tao amin'ny Synagoga (M5)*	5	7	--	1:21-28	4:31b-37	
37	Ny rafozam-bavin'I Petera; ilay marary nositranina toy izany koa (M-6)	5	7	8:14-17	1:29-34	4:38-41	
38	Ny fitetezana voalohany an'ny Galilia	5	7	4:23-25	1:35-39	4:42-44	
39	Ilay boka roalahy(M-7)	5	7	8:2-4	1:40-45	5:12-16	
40	Ilay mararin'ny paralisisa nampidinina avy any an-tafon-trano	5	7	9:2-8	2:1-12	5:17-26	
41	Ny niantsoana an'I Levy Matio	5	7	9:9	2:12,13	5:27,28	
42	Nanangona salohim-barytamin'ny Sabata	5	-	12:1-8	2:23-28	6:1-5	
43	Ilay lehilahy maty tànana(M-9)	5	-	12:9-14	3:1-6	6:6-11	
44		[5]	-	12:15-21	3:7-12		

45	Lazan'I Jesosy Fanendrena ireo 12	5	7	--	3:13-19	 6:12-16	
46	Toriteny teo an-tendrombohitra(P-17)*	5	7	5:1-8	--	 6:17-49	
47	Ny mpanompon'ilay manam-boninahitra(M-10)	6	7	8:5-13	--	 7:1-10	
48	Ireo jamba roalahy(M-11)	6	-	9:27-31			
49	Demoniaka moana iray(M-12)	6	-	9:32-34			
50	Fitetezana faharoa ny Galilia:	6	7	9:35	--	 8:1-3	
51	Ny zanakalahin'ilay mpitondra tena tao Naina(M-13)	6	7	--	--	 7:11-17	
52	Demoniaka moana sy jamba(M-14); ny fahotana tsy azo avela(P-15)	6	7	12:22-45	3:20-30	 11:14-32	
53	Ny famangian'ny renin'I Jesosy sy ireo rahalahiny	6	7	12:46-50	3:31-35		
54	Ilay toriteny teo an-dranomasina: Ilay Voatsinampy(P-6) Ny fandanjana(P-7) Ny mpamafy ,ny voa ary ny tany (P-9) Harena nafenina(P-11)	6	7	13:1-53	4:1-34	8:19-21 8:4-18 [13:18-21]*	

	Ilay voa nitsimoka(P-19) Ny fanasina(P-20) Harena tonta sy vaovao(P-32) Ilay Mpandranto(P-40)						
55	Ny zavatra hafoy amin'ny maha-mpianatra Jereo p195; + Lio 7: 11	[6]	-	8:19-22			
56	Ny tafio-drivotra teny ambony rano (M-15)*	6	7	8:18,23-27	4:35-41		
57	Ilay Demoniaka tao Gadarena (M-16)	6	7	8:28-9:1	5:1-20	8:22-25	
58	Ny fanasana nataon'i Matio +	6	7	9:10-13	2:15-17	8:26-39	
59	Ilay fanontaniana mikasika ny fifadian-kanina (P-12)*	6	-	9:14-17	2:18-22	5:29-32	
60	Ilay vehivavy narary (M-17) Zanakavavin'I Jairo (M-18)	6	7	9:18-26	5:21-43	5:33-39 8:40-56	
61	Ny fanadihadiana nataon'ny Mpianatr'I Jaona	6	-	11:2-6	--		
62	Filazana an'I Jaona nataon'I Jesosy	[6]	-	11-7-30	--	7:18-23	
63	Ny fitetezana fahatelo an'I Galilia: Ny iraka nampanaovina ny roambinifolo	7	7	9:36-11:1	6:7-13	7:24-35	
64	Fandavana faharoa tao	7	7	13:54-58	6:1-6	9:1-6	

	Nazareta						
65	Ny namonoana an'I Jaona Mpanao Batisa	[7]	7	14:1,2;6-12	6:14-29	9:7-9	
66	[Paska fahatelo] Namahana ireo dimy arivo (M-19)	7	7	14:13-21	6:30-44	9:10-17	6:1-14
67	Nandeha teny ambony rano Jesosy (M-20)	7	7	14:22-36	6:45-56	--	6:15-24
68	Toriteny momba ny mofon'aina; Fandavana tao Galilia	7	7	--	--	--	6:25-7:1
69	Adihevitra mikasika ny fomban-drazana sy ny fanevatevana	7	-	15:1-20	7:1-23		

V. Fisitahana tamin'ny Asa fanompoana ho an'ny daholobe (Paska fahatelo, Taona 30 taork-Lohataona taona 30 tarK)

70	Fisitahana tao Foinika (M-21)	8	5,7	15:21-28	7:24-30		
71	Moana marenina iray nositranina; fahagagana hafa tao Dekapolisy (M-22)	8	7	15:29-31	7:31-37		
72	Famahanana ireo efatra arivo (M-23) Ny fangatahana	8	7	15:32-39	8:1-10		

73	famantarana	8	7	16:1-12	8:11-21		
74	Ilay lehilahy jamba teo akaikin'ny Betsaida (M-24)	8	7	--	8:22-26		
75	Fisitahana tany Kaisaria Filipo:Ilay fanekena lehibe	8	7	16:13-28	8:27-9:1	9:18-27	
76	Dia mangingina nitety an'I Galilia	8	-	17:22,23	9:30-32	9:43b-45	
77	Fanetren-tena , fihavanana, famelan-keloka (P-31,[2])*	8	-	18:1-35	9:33-50	9:46-50	
78	Ilay fiovan-tarehy	8	7	17:1-13	9:2-13	9:28-36	
79	Ilay tovolahy nampahorian'ny demony (M-25)	8	7	17:14-21	9:14-29	9:37-43*	
80	Ilay tempoly antsasaka sekely (M-26)	8	7	17:24-27			

*jereo p 195

+ jereo ao @ Marka 2:15

VI. Asa **fanompoana tao Samaria sy Peroa (lohataona ,30 tarK-Paska, 31 taorK)**

81	Dia mangingina tany amin'ny fetin'ny Tabernakely	9	5,7	--	--	--	7:2-13
82	Nampianatra tao amin'ny Tempoly	9	-	--	--	--	7:14-52

NY FITANTARAN'NY FILAZANTSARA EFATRA

N°	Zava-nitranga	Saritany	filazalazana	MATIO	MARKA	LIOKA	JAONA
83	Ilay vehivavy mpijangajanga	9	7	--	--	--	7:53-8:11
84	Ny fahazavan'izao tontolo izao	[9]	-	--	--	--	8:12-30
85	Ny adi-hevitra mikasika ny maha-taranak'I Abrahama	[9]	-	--	--	--	8:31-59
86	Ilay lehilahy teraka jamba(M-27)*	9	7	--	--	--	9:1-41
87	Ilay Mpiandry Ondry Tsara	[9]	-	--	--	--	10:1-21
88	Fiaingana farany avy any Galilia; Fisokafan'ny asa fanompoana ho an'ny samaritana sy ny mponina ao Peroa	9	5,7	19:1,2	10:1	9:51-56	
89	Fitsapana amin'ny maha-mpianatra	[9]	-	--	--	9:57-62	
90	Iraka nampanaovina ireo fitopolo	9	7	--	--	10:1-24	
91	Ilay samaritana tsara fanahy (P-30)*	[9]	-	--	--	10:25-37	
92	Tao an-tranon'I Maria sy Marta	10	-	--	--	10:38-42	
93	Tao amin'ny fetin'ny firavoravoana +	10	7	--	--	--	10:22-42

94	Niverina tany Peroa: toro-marika momba ny vavaka	[10]	-	--	--	11:1-13	
95	Ilay fahazavana anaty	[10]	-	--	--	11:33-36	
96	Fiaraha-misakafo tamin'ny fariseo iray	[10]	-	--	--	11:37-54	
97	Fampitandremana natao tamin'ny fariseo	[10]	-	--	--	12:1-12	
98	Ny fieremana (P-18)	[10]	-	--	--	12:13-34	
99	Miandry ny fiverenan'ny Tompo (P33-36)	[10]	-	--	--	12:35-59	
100	Fahamarinan'Andriamanitra sy ny Famindrampo (P-5)	[10]	-	--	--	13:1-9	
101	Ilay vehivavy malemy (M-28)	[10]	-	--	--	13:10-17	
102	Fitomboan'ny fanjakan'ny Lanitra (P-[16,20])*	[10]	-	--	--	13:18-30	
103	Fampitandremana ny @ fitsaran'Andriamanitra	[10]	-	--	--	13:31-35	
104	Fiaraha-misakafo tamin'ny lehiben'ny fariseo anankiray (M-29,P-24)	[10]	-	--	--	14:1-15	
105	Ilay fanasana lehibe (P-10)	[10]	-	--	--	14:16-24	
106	Ny vidin'ny maha-mpianatra (P-14)	[10]	-	--	--	14:25-35	
107	Ilay ondry very (P-2) Ilay farantsa very (P-3)	[10]	-	[18:12-14]*	--	15:1-7	

108	Ilay zanaka adala (P-4)	[10]	-	--	--	15:8-10	
109	Ilay mpanompo tsy mahatoky (P-28)	[10]	-	--	--	15:11-32	
110	Ilay lehilahy mpanan-karena sy Lazarosy (P-29)	[10]	-	--	--	16:1-18	
111	Famelan-keloka, finoana sy fanompoana (P-38)	[10]	-	--	--	16:19-31	
112	Ny fitsanganan'ny Lazarosy tamin'ny maty (M-30)	[10]	-	--	--	17:1-10	
113	Fisitahana any Efraima	10	7	--	--	--	11:1-45
114	Ilay boka folo(M-31)	10	-	--	--	--	11:46-57
115	Rahoviana ary ahoana ny fahatongavan'ny fanjakana *jereo p 195 + jereo Jaona 10:22	10	7	--	--	17:11-19	
116		[10]	-	--	--	17:20-37	

FANADIHADIHANA NY BAIBOLY

N°	ZAVA-NITRANGA	saritany	filazalazana	matio	marka	lioka	jaona
117	Ilay Mpitsara tsy marina (P-23)*	[10]	-	--	--	18:1-8	
118	Fariseo sy mpamory hetra (P-25)	[10]	-	--	--	18:9-14	
119	Mariazy sy fisaraham-panambadiana	[10]	-	19:3-12	10:2-12		
120	Nitso-drano ny ankizy	[10]	-	19:13-15	10:13-16	18:15-17	
121	Mpitarika iray tanora sy mpanan-karena	[10]	-	19:16-30	10:17-31	18:18-30	
122	Mpiasa tao amin'ny tanimboaloboka (P-37)	[10]	-	20:1-16			
123	Nilaza mialoha ny @ hahafatesany Jesosy	[10]	-	20:17-19	10:32-34	18:31-34	
124	Ny hetahetan'I Jakoba sy Jaona	[10]	-		10:35-45		
125	Bartimeo jamba (M-32)*	10	7	20:20-28	10:46-52	18:35-43	
126	Zakaiosy	10	7		--	19:1-10	
127	Ilay andriandahy sy ilay farantsa kely (P-26)	[10]	-	20:29-34 --	--	19:11-28	

128	Ilay fanasana nataon'I Simona (P-13)	11	7,9	--	14:3-9	7:36-50	12:1-9
129	Ny fikendrena hamonoana an'I Jesosy	[11]	9	26:6-13 26:1-5,14-16	14:1,2,10,11	22:1-6	12:10,11

VII. HERINANDRO MIALOHA NY HAHAFATESANY

(PASKA fahaefatra, taona 31 taorK)

130	Paska fahaefatra:++ Ilay fidirana amim-boninahitra	11	9	21:1-11	11:1-11	19:29-44	12:12-19
131	Ilay aviavy tsy namoa (M-33)	11	9	21:18-22	11:12-14,20-26		
132	Fanadiovana faharoa ny tempoly	11	9	21:12-17	11:15-19	19:45-48	
133	Niaika ny fahefan'I Jesosy ireo mpitarika	11	9	21:23-27	11:27-33	20:1-8	
134	Ireo mpirahalahy (P-16)	[11]	-	21:28-32			
135	Ilay lehilahy adala (P-8)	[11]	-	21:33-46	12:1-12	20:9-19	
136	Ilay lehilahy tsy nitondra ankanjo fitondra amin'ny fampakaram-bady	[11]	-	22:1-14			

	(P-21)						
137	Mandoa hetra ho an'I Kaisara	[11]	-	22:15-22	12:13-17	20:20-26	
138	Fampakaram-bady sy ny fitsanganana	[11]	-	22:23-33	12:18-27	20:27-38	
139	Ilay didy lehibe	[11]	-	22:34-40	12:28-34	20:39,40	
140	Nampitsahatra ny fanakianana Azy Jesosy	[11]	-	22:41-46	12:35-37	20:41-44	
141	Ny nilazan'I Jesosy ny faharatsian'ny mpanora-dalàna sy ny fariseo	[11]	-	23:1-39	12:38-40	20:45-47	
142	Ilay farantsakelin'ilay mpitondra tena	[11]	-	--	12:41-44	21:1-4	
143	Resaka niaraka tamin'ny grika sasatsasany	[11]	-	--	--	--	12:20-36a
144	Fandavana farany nataon'ireo mpitarika Jiosy	11	-	--	--	--	12:36b-50
145	Fisitahana tany an-tendrombohitra Oliva; Famantarana ny fiverenan'I Kristy (P-35)	11	9	24:1-51	13:1-37	21:5-38	
146	Ireo virijina folo (P-34)	[11]	-	25:1-13			

147	Ny talenta (P-27)	[11]	--	25:14-30			
148	Ny ondry sy ny osy (P-39)	[11]		25:31-46			

*jereo p195 + jereo Lioka 7:36

++ Ho an'ny andro amin'ny herinandron'ny zava-mitranga tsirairay jereo saritany p.224, Sary 9, p.233

NY FITANTARAN'NY FILAZANTSARA EFATRA

149	Fiomanana ho an'ny paska	**[**12]	**-**	**26:17-19**	14:12-16	22:7-13	
150	Fankalazana ny Paska	[12]	**8,9**	26:20	14:17,18a	22:14-16	
151	Nanasa ny tongotry ny mpianatra	[12]	-	--	--	22:24-30	13:1-20
152	Ny fanasan'ny Tompo	12	**8,9**	26:26-29	14:22-25	22:17-20	
153	Naseho ny mpamadika	[12]	-	26:21-25	14:18b-21	22:21-23	13:21-30
154	Toro-hevitra alohan'ny hisarahana	[12]	-	--	--	--	13:31-14:31
155	Fisitahana tao Getsemane	12	**8,9**	26:30	14:26	22:39	
156	Fampitandremana ho an'I Petera sy ireo fololahy	12	-	26:31-35	14:27-31	22:31-38	[13:36-38]*
157	Ny divay tena izy	[12]	-	- -	--	--	15:1-17

158	Fampitandremana ny amin'ny fanenjehana	[12)	-	--	--	--	15:18-16:4
159	Ny hiavian'ilay Mpananatra	[12]	-	--	--	--	16:5-33
160	Vavaka fanelanelanana ataon'I Jesosy	[12]	-	--	--	--	17:1-26
161	Getsemane (M-34)*	12	**9**	26:36-56	14:32-52	22:40-53	18:1-12
162	Nohenoina teo anatrehan'I Anasy	12	**9**	--	--	--	18:13-24
163	Fitsarana tamin'ny alina teo anatrehan'ny sinedriona	12	**9**	26:57-75	14:53-72	22:54-65	18:25-27
164	Fitsarana nony maraina teo anatrehan'ny sinedriona	12	**9**	27:1	15:1	22:66-71	
165	Fiaike-kelok'I Jodasy sy ny namonoany tena	[12]	**9**	27:3-10			
166	Fitsarana voalohany teo anatrehan'I Pilato	12	**9,11**	27:2,11-14	15:2-5	23:1-5	18:28-38
167	Nohenoina teo anatrehan'I Heroda	12	**9,11**	--	--	23:6-12	
168	Fitsarana faharoa teo anatrehan'I Pilato	12	**9,11**	27:15-31a	15:6-19	23:13-25	18:39-19:16
	Ny fanombona						

169	teo amin'ny hazo fijaliana	12	**8,9**	27:31b-56	15:20-41	23:26-49	19:17-37
170	Ny Fandevenana	12	**8,9**	27:57-61	15:42-47	23:50-56	19:38-42
171	Mpiambina ny fasana	12	**9**	27:62-66			

VIII. Fitsanganana hatramin'ny Fiakarana (Lohataona ,31 taorK)

172	Ny fitsanganana	**13**	8-10	28:1-15	16:1-11	**24**:1-12	**20**:1-18
173	Ny dia tany Emaosy	13	9	--	16:12	24:13-32	
174	Fisehoana voalohany tao amin'ny efitrano ambony	13	9	--	16:13	24:33-49	20:19-23
175	Fisehoana faharoa tao amin'ny efitrano ambony	13	10	--	16:14	--	20:24-29
176	Fisehoana teo amin'ny onin'ny Galilia (M-35)	[13]	[10]	--	--	--	21:1-23
177	Fisehoana teo an-tendrombohitr'I Galilia	[13]	[10]	28:16-20	16:15-18		
178	Ny fiakarana	13	10	--	16:19,20	24:50-53	
179	Famintinana ny filazantsaran'I Jaona	-	-	--	--	--	20:30,31 21:24,25

Ahoana ny fampiasa ny "index" amin'ny firindran'ny filazantsara.

Misy fanoroana ny firindran'ny filazantsara hita ao amin'ny p202,203. Satria ny zava-mitranga iray dia tsy voatery voatantaran'ny mpanoratra filazantsara samihafa amin'ny filaharana mitovy, ny firindran'ny filazantsaran dia tsy afaka hanao lisitra ny andalan-teny rehetra araka ny filaharana ny toko rehetra. Manamora ny fahitana ny toeran'ny lohahevitra mirindra iray mikasika andalan-teny ao amin'ny filazantsara rehetra ny "index"

*jereo p 195

LESONA D

VI. FOMBA FAMPIANARANA TSY MIFANARAKA

Fampidirana

Tahaka ny fiezahana hamakivaky ranomasina mandeha tongotra ka tonga saina tsy ela ny olona iray ny amin'ny rano mandifotra ny loha, dia tahaka izany rehefa miezaka haka tahaka fomba fiasa tsy mifanaraka amin'ny an'ny mpampianatra izy. Rehefa manopy maso n y amin'ny fahatanterahana, ny fahaizana,ny fahamboniana, sy ny voninahitry ny fomba fampianaran'I Jesosy ny olona iray dia mety ho kivy izy mahita ny fahalemen'ny ezaka ataony eo anatrehan'izany. Ny asatsika anefa tsy mamorona indray ny fomba fiasany fa ny manalehibe sy manitatra izay efa nataony. Ho sorena fotsiny isika raha hiezaka hisintona izao tontolo izao ho ao anaty valizintsika mba hahatonga antsika ho mpiasa manan-danja. Kanefa , na izany aza ,raha manana fijerena alavitra(telescope) isika ao amin'ny fitaovantsika ao dia azo atao ny maneho ny hankaton'ny tontolo amin'ny fomba tsara sy mahomby kokoa. Ilay hery izay namorona izao tontolo izao dia afaka miasa hanitatra ny fomba fampianarany amin'ny alalantsika raha mangarahara isika.

Tsy hoe mpampianatra lehibe iray hafa fotsiny Jesosy. Zanaka lahi-masin'Andriamanitra Izy. Ny asa fanompoana fampianarany dia tokana , tsy manam-paharoa. Tsy dia tena hoe hitondra ny mpianatra hamerina izay nataony ny tanjony, na tahaka izany koa tsy hoe hitarika azy ireo afaka hilaza hoe efa nositraniny izy. (Marka 5:19). Ny ivon'ny fampianaran'I Jesosy dia ao amin'ny fanazavana ara-panahy ireo zava-miafina izay sady tsy takatra no voavinavinan'ny olombelona voahary, sy amin'ny famakiana ny vongam-pitiavan-tena sy ny tsy firaihana izay manamafy ny fo.

Ny asa fampianaran'I Jesosy dia asam-pamonjena sy fanasitranana. Rehefa nanasitrana Izy dia namonjy ary rehefa namonjy dia nanasitrana. (Matio 9:2). Niteny tamin'ny alalan'ny fanoharana ihany koa Izy noho izay antony izay. (Mat 13:10,13,15). Ny

fahagagana nataony dia nanokatra maso, sofina ary nanome fiainana ho an'ny ratsam-batana, kanefa ny tena tanjon'ireny dia fanasitranana ara-panahy(Matio 13:15).

Nanasitrana tamin'ny alalan'ny teny izay namboraka ny zavatra niainany Jesosy. Ny teniny dia nampifoha, manohana, mahafaly, mampitandrina, mavesa-danja, mampionona, mamaky, mampatanjaka, mamaky, mampatanjaka, manentana, manindrona hatrany amin'ny fampisarahana ny taoloana sy ny tsoka, ny aina sy ny fanahy, mampivarahontsana ny mpanjaka, mampandositra ny devoly ary mamerina ny maty ho amin'ny fiainana. Ny teniny dia hery masina.

Rehefa mianatra ny fomba fampianaran'I Jesosy ny olona iray dia mahita foto-kevi-panabeazana tonga lafatra, kanefa tsy misaraka mihitsy amin'ny tenan'I Kristy ireny. Ny fomba fampianarany dia anisan'ny fampisehoana azo tsapain-tànana an'Andriamanitra. Amin'ny maha-mpianatra antsika dia tsy asantsika ny mamorona hafanam-po amin'ny fivavahana amin'ny alalan'ny fanodikodinana am-bava. Tsy maintsy tsapatsika fa rehefa ny fomba fiasany no ampiasaina dia fantsona fotsiny ihany isika hiampitan'ny fahalalana avy any ambony , tahaka ny fahitalavitra mandehandeha milalao ny tantarany. Natao hitondra fotsiny ireo marika efa nosoritany isika, hanokatra ny lambam-baravarakely efa namboariny. Ny fomba fiasa sy fahagagana ataony dia fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy(Efes 4:11; 1kort 12:10). Ny asan'ny mpampianatra ankehitriny dia tsy ny hamorona endrika tsy manam-paharoa nananany, ny fahadiovany lafatra sy ny heriny masiny fa ny hanokatra ny vata misy ny fitaovana ary hamela ny rehetra , izay mety, ahita sy handray ho azy ireo ny perla lafo vidy.

Tanjona (hevitra fanombanana hisafidianana)

Rehefa avy nianatra tamin'ny fitaovana nofariparitana tamin'ity tokoity ny mpianatra iray dia tokony ho afaka haneho amin'ny alalan'ny pejy voasoratra (mampiasa ny fahalalana azo tany am-pianarana sy ny vaky boky) fahalalana sy fahazoana ireto endriky ny fomba fampianaran'I Jesosy manaraka ireto:

1. Ny maha-tokana azy
2. Fombany
3. FOmba fiasany
4. endriky ny toriteny
5. Fomba fampianarany
6. Fampianarana amin'ny alalan'ny fahagagana

7. Toe-javatra nampianarany

Tokony ho afaka ihany koa ny mpianatra hampiasa io fahalalana sy fahazoana io entina hanoratana famakafakana maneho fehin-kevitra na fisainana na fisainana na fampiharana. Ireto manaraka ireto misy ohatra sasantsasany azo atao

1. Ahoana ny fomba namantsihan'I Jesosy ny lesona tao an-tsain'ny mpianatra.
2. Azavao ny fomba nampifanarahan'I Jesosy ny fampianarany tamin'ny isam-batan'olona sy ny toe-java-nisy.
3. Azavao ireo foto-kevitra izay niaraka tamin'ny herin'ny fampianaran'I Jesosy
4. Azavao, nahoana no fomba fampianarana mahomby tokoa ny fanoharana
5. Azavao ny fomba nampiasan'I Jesosy ny zavatra ilain'ny olona hanatrarana ny tanjony.
6. Azavao ny andraikitra tanan'ny fahagagana teo amin'ny asa fampianaran'I Jesosy.

Tokony afaka hampihatra ny foto-kevitra nianarana eo amin'ny toe-javatra amin'ny fiainana ny mpianatra. Ity manaraka ity misy karazan'izany fampiharana izany:

Ny hafatra tianao hampitaina dia hoe rehefa tonga Jesosy, dia tsy hisy zavatra hanan-danja ankoatran'ny fifandraisana Aminy. Tsy mamerina izay tena teniny sy tantara nataony dia manorata paragrafy iray mampita io hevitra io, mampiasa fomba fiasa izay tiana na amin'ny fanambarana fomba fiasa izay nampiasain'I Jesosy.

Entimody fanampiny azo atao

White,E.G. *Education,* pp,73-83; 230-231

White, E.G. *Fundamental of Christian Education,*pp47-49, 236-241; 397-404

White ,E.G. *Ministry of healing,* pp.73-94; 125-160

Wilson, C.A. *Jesus the Master Teacher,* Grand Rapids: Baker Book House, 1974.

Vakiteny voafantina fanampiny

Ireto manaraka ireto ny lisitra avy amin'ny fampahafantarana mpanoratra maneho ny toko sy pejy mifandraika amin'ny fitaovana tafiditra amin'ity toko ity. Azo atao avy amin'ity lisitra ity na omen'ny mpampianatra ny vakiteny.

Beardslee (1905) pp.143-174

Bowman (1963) pp. 65-72

Branscomb (1926) pp.23-30; (1931) pp.89-11, 357-374

Brunt (1981)

Colwell (1947)pp11-34

Graendorf (1981)pp 54-65

Grassi (1973) pp.41-49

Grassi (1982)pp.48-59

Graves (1919) pp.5-18

Jones (1982) pp.27-65

Marquis (1925)pp.21-79

Mohler (1973) pp.19-34

Murch (1943) pp.33-38

Raven (1928) pp.139-197

Stevens (1901) pp.33-46

Wayland (1919) pp.1-24

Wendt (1982) pp.106-146

Tetik'asa hisafidianana hanaovana fikarohana lalindalina kokoa

Ireto manaraka ireto misy tetik'asa azon'ny mpampianatra omena na hisafidianan'ny mpianatra ho amin'ny fianarana lalindalina kokoa ny amin'ny teknika fampianaran'I Jesosy:

1.Mampiasà ny filazantsara , ka fakafakao toe-javatra dimy izay ahitana an'I Jesosy mampianatra mampiasa tontolo voafaritra. Ohatra: ny fampiasana ny fampianarana hoe "Izaho no voaloboka". Manaovà fampiharana iray mitovy amin'io mifanaraka ny tontolo moderina ankehitriny.

2. Mamakia ampahana Soratra Masina voafaritra mazava tsara ary raiso an-tsoratra ny filazana nataon'I Jesosy mikasika ny toe-javatra eo amin'ny fiainana.

3. Manaovà toriteny ahita fomba fampianaran'I Jesosy betsaka araka izay azo atao.

4. Vakio manontolo ny iray amin'ny "Synoptic Gospels" ary ataovy ireto manaraka ireto

a. Raiso an-tsoratra ny toerana nampiasan'I Jesosy ny famahana olana ho fomba fampianarana

b. Mariho nytoe-javatra izay nampiasan'I Jesosy fanontaniana

d. Fantaro ny fomba fampianarana hafa araka ny voafaritra ao amin'ny lohahevitra ataonareo

e. Ahoana no nanehoan'I Jesosy fahalalana ny mpihaino Azy

f. Ahoana ny fomba namalian'I Jesosy ny ilain' ny mpihaino Azy?

g. Inona no endri-toriteny manaitra hitanao?

h. Inona no fifandraisana tsy an-kiteny hitanao?

i. Inona no valinteny angatahin'I Jesosy aminao?

5. Manaovà fanoharana moderina mifototra amin'ny foto-kevitry ny fanoharana. Afotory amin'ny zavatra mila hampitaina io fanoharana io. Azavao.

Ny maha-manokana ny fomba fampianaran'I Jesosy

A."Ny foto-pinoako (fampianarako) dia tsy Ahy, fa Azy izay naniraka Ahy" (Jaona 7:16)

B. Fepetra manokan'ny fampianaran'I Jesosy (Wilson, 1974)

1- Mpampianatra za-draharaha tsy mandray karama

2- Nifidy ny mpianany

3- Tsy voafetran'ny efitrano fianarana

4-Ny mombamomba Azy dia Izy ihany

5- Tokana ny fahefany

D. Toetra fototry ny fampianaran'I Jesosy (Colwell,1947,pp. 11-34)

" Ny tenin'I Jesosy dia manana ila mafy toy ny hazo sipresa sy ila mikinifinify toy ny hazo fanapahana… Ary ny toriteniny dia feno hery. Mipoaka tahaka ny grenady , voafafy any amin'ny olona izay mihaino ireny.

1. Ny filazana dia mihoatra ny filazana mivantana ny zavatra tsinjo noho ny eritreritra voavolavola.
2. Ny fitantarana dia mifanaraka tsara amin'ny zavatra ampiasana azy.

Loharanon'ny fampianaran'I Jesosy

A. Nandray toro-marika avy amin'I Ray tamin'ny alalan'ny vavaka sy ny fianarana ny Soratra masina ary ny fandinihan-tena Izy. (Isaia 50:4)

B. Fatra-pandinika ny fiasan'ny zava-boahary Izy sy ny fiainan'ny tanàna ary ny fo sy sain'ny olona. Nandinika lalina ny Testameta Taloha ao amin'ny Soratra Masina (Anderson , 1983)

Ny fomba nampianaran'I Jesosy

A. (Branscomb, 1926)

1. Ara-boajanahary fa tsy fombafomba

2. Fantatry ny olona fa tsy lojika na manaraka rafitra
3. Mampitolagaga fa tsy ara-bakiteny
4. Mazava fa tsy takona

B. (Beardslee, 1905)

1. Feno fahamarinana, feno fahamasinana, madio tanteraka
2. Nanana fahefana
3. Voalanjalanja, mavesa-danja, azo tsapain-tànana

C. (Grassi,1973)

Tsy fampianarana be fotsiny fa mirona amin'ny famolavolana manokana ny kristiana

D. (Held,1976)

1. Nahita ny tombambidin'ny tsirairay tao amin'ny mpianatra
2. Namela ny fahasamihafan'ny tsirairay
3. Tsy ara-pombapomba be. Oh: nandeha sady niresaka
4. Namela ny olona tsirairay hanana safidy malalaka
5. Fahatsorana lalina
6. Fahefana
7. Ny asany tsy dia hoe hanaparitaka fahalalana fotsiny fa hanetsika asa mikasika ny zavatra izay efa fantatra
8. Ny tanjony dia ny hampita fiainam-baovao sy fifandraisana amin'Andriamanitra

E. (Kent, 1911)

1. Tsy nanoratra boky Jesosy fa namela ny hafany tao am-po
2. Nahita fahafaha-manao masina tao amin'ny tsirairay
3. Nanangana fifandraisam-pitiavana akaiky sy fahatokiana Izy

4. Nampifanarahany tamin'ny fomba fahitan'ny mpianany zavatra ny fampianarany
5. Nanoma izay ilain'nyolona maika izay nifanatrika taminy Izy
6. Toetra sy asa no tanjony

F. (Marquis , 1925)

Nameno ny fampianarany ny fanandramany

G. Ny olona mpampianatra no lakile. Ny fifandraisana manokana sy fiarahana ary fakana tahaka ny mpampianatra miaraka amin'ny fahavitrihana nisy teo amin'ny vondrona iray tsara rafitra no tena zava-dehibe (Grassi,1973)

Ny fomba nentin'I Jesosy nampianatra

I-Ny fanoharana

A-Ny toetoetry ny fanoharana (Jones,1982, Bailey, 1980,1976)

1-Endrika literatiora

a. Sary an'ohatra sy fampitoviana

b. Fanoharana grika "mampilahatra"-fomba fampitahana ahitana sary ny fampiharana miaraka

d. Mamela ny saina eo amin'ny fisalasalana ampy mikasika ny fampiharana izany ka mahatonga ny fisainana havitrika

e. Fahasamihafana: fanoharana sy "Allegory"

2. Tononkalo

3. Milalao ao amin'ny Tantara

4. Maha-zava-dehibe ny kolotsaina afovoany antsinanana

5. Tanjona. Satria ny asan'ny hai-raha fanoharana dia miantso ny fahazoantsika sary an-tsaina sy ny tanjony hamolavola antsika amin'izay dia mifoha ny fahalianana (Grassi,1973)

6. Araka izao tontolo izao. Ireny dia naneho ny endri-toe-javatra natrehan'ny mpihaino Azy (Grassi, 1973)

7. Varavarakely misy lambany. Mazava ny ao anatiny kanefa manakana ireo olona tia jerijery tsy ahita (Wayland, 1919)

B.Fanakilasiana ny fanoharana(Jones, 1982, Wendt, 1892)

1. Fanambarana ;oh:mampiaiky ny lehilahy mahery

2. Toe-javatra tokana nety nitranga; oh:lehilehy hendry nanorina ny tranony teo ambony vatolampy

3. Fanoharana fanampiny, indraindray omena tsiroaroa na hevitra mifanohitra

4. Fanoharana tsotra, fanoharana misy matoateny mihoatra ny iray. Oh: farantsa very; ondry very

5. Fanoharana fitantarana; oh: mpanakarena adala

D. Foto-kevitra manodidina

1. Fihaviana ara-tantara

a. fanalefahana hebreo; oh: Natana sy Davida: fanoharana iray izay nampahafantarana lehilahy iray ny tenany

b. Nampiasa fanoharana ny grika; oh: Homer189 tao Iliad, 39 tao Odyssey.

d. Fanoharana nataon'ny raby

2. Toerana

a. Jereo ny lahatsoratra sy tontolon-kevitra

b. Maniry ny hahazo ireo mpanohitra fa tsy hanapotika azy ireny

d. Niady hevitra tamim-pahaizana

e. Naneho an-tsary ny tenany tao amin'ny iraka nampanaovina Azy . Oh: lehilahy natanjaka voafatotra

f. Ny fanoharana rehetra dia nanosika ireo mpihaino Azy handray fanapahan-kevitra mikasika ny tenany sy ny iraka

g. Jesosy no mpanao ny fanoharana, nataony izay nampianariny

3. Lohahevitra ara-teolojia

a. Hevitra lehibe iray dia ny fanjakan'Andriamanitra

b. Misy fiarahana (jereo koa Grassi,1973,p48)

1. krizy oh: israelita niatrika zava-doza; olan'ny tena manokana, hanohanana

2. Fahasoavana sy fibebahana

3. Fepetran'ny fanjakan'Andriamanitra

4. Toetoetra miavaka sy manokana

a- eschatological

b-fisiana

d-ara-poko

f-ara-pilazantsara

II-Endriky ny toriteny

A. (Anderson, 1983,pp10,11)

1."Fanambarana tsy mety adino (karazana fehezan-teny izay mitoetra maka toerana ao an-tsaina ary mijanona ao, tsy manaiky ny hadino)"

2."Eritreritra miteraka fanoherana"(hita mampitolagaga kanefa mitarika ny olona hanontany tena hoe mety tsy marina)

3."Fampiasana teny fanoharana mahery vaika mihoatra ny tokony ho izy" ("Izany dia fampiasana an-kitsirano fanambarana mihoatra ny tokony ho izy mba hanajanonana ny mpihaino na hanindriana hevitra iray.")

'."Fahavelombelomana , fahasamihafana, toetra sy votoatin'ny fanoharana"

5."Fampihenana miampy zavatra mahatsikaiky ("kanefa izany dia lasa hampihomehy")

6."Kanefa na dia eo amin'ny foto-kevitrao aza".

7.”nefa firy mihoatra an’izao…”

B-Rima-na tononkalo Arameana , filantolantony , fanindran-dalna , firafitry ny an-dalan-teny , tsilalaon-teny (Jereo Bowman 1963; Barley , 197- , 1980)

Karazana mira-zotra (hevitra mifanindran-dalana)

1) Paralelisma syntetika : ny ampahany faharoa mameno ny hevitry ny voalohany (Mat 5 : 3-1é)
2) Paralelisma mitovy hevitra : zavatra mitovy lazaina indroa (Mat. E :7,8)
3) Paralelisma mifanohitra : mifanohitra –mifanohitra izy roa (Mat. 19 : 30)

C) Fanambarana tsy mety adino, fitenenana mivantana (Grassi , 1973)

D) Matoateny dia “marina dia marina” fa tsy “ny lalàna amin’ny ankapobeny” (Horne , 1937)

E) Miteraka fanoheran ny fanambarana mba hanaitra ny sofina. Manajanona fifantohana manokana eo amin’ny tsy fitovian-kevitra mahery vaika avy amin’ny fieheverana iraisan’ny olona (Stevens , 1901).

F) Tsotra sy mazava-mazava ny tanjona (Wayland , 1919)

G) Fitenenana amin’ny endrika an-tsary

Oh: fampitahana ara-tsaina naseho miharihary avy amin’ny tontolon-kevitra; oh: masirasiran’ny fariseo, sotroy ny kapoaka sotroiko” (Wendt , 1892)

III – Fizotrany

A – Endrika faminaniana. Fomba fiasa miovaova araka ny mpihaino. Fihainoana sy fanaovana asa / fanatanterahana dia nifandraika akaiky . “Nihaino” sy “ Mankato” dia saika mitovy. Mpanora-dalàna nahazo Hebreo. Azony napiasaina hiadian-kevitra.

Oh :

B – (Held , 1976)

1- Fanontaniana

2- Ady hevitra

3 – fampianarana

4- Tantara

5- Fanampiana fampianarana

C- (Le Bar , 1958)

1- Niasa niaraka tamin'ny olona teo amin'ny sehatra manokana

2- Nampiray ny fahamarinana tao amin'ny fiainany ny olona

3- Nampifandray ny votoatiny amin'ny fiainan'ny olona

4- Tsy misy zavatra raikitra ka tsy azo ovàna

5- Asa fa tsy kabary

6- Namela ny mpianatra hamaly sy vonona hotarihana

7- Feno fahamarinana afaka hampifanarahana amin'ny fotoana rehetra

8- Toe-tsaina mamaha olana. Oh: fampiasana fanontaniana

D- (Marquis, 1925)

1- Nampiasa fehezan-teny mazava)

2- Azo tsapain-tanana mankany amin'ny tsy hita

3- Namela ny mpianantra hametraka fanontaniana Amiiny

4- Nampiasa olana

5- Fanazavana an'ohatra

6- Famerenana

E- (Raven , 1928)

1- Nijery mandrakariva izay efa nananan'ny mpihaino Azy, tena mifanaraka tsara amin'ny taona sy fepetra rehetra

2- Tsy mifanotoka be loatra amin'ny dogma (foto-kevitra) sy ny asa fa mamoha ny fahalianana, mampivelatra ny fomba fiheryn mizara fanandramana

3-"Maniry Izy ny hameno ny olona ny fahatsapana ny fisian'Andriamanitra fa tsy ny hanamboatra ny sainy amin'ny fieritreretana mikasika an'Andriamanitra. Ny antsony dia toy ny hairaha, mivantana avy hatrany mihoatra ny siansa ny lojika kanefa tsy midika akory izany fa tsy ao anatin'ny tanjony ny hamoha ny fahaizan'ny saina". (p 145)

4-"Ireo izay efa nofohazina ny fahalianany dia tokony hofanina ho taitra ara-panahy , hampiana hampitombo hatrany ny fahalalay an'Andriamanitra, hahazo fanandramana amin'ny firaisana Aminy ka amin'izay dia ahita –tsy amin'ny alalan'ny lalàna , fa amin'ny alalan'ny fahitana sy faharesen-dahatra-ny toetrany sy ny fombany."(p144)

F.(Wayland, 1919)

Fivoarana avy amin'ny lesona moramora kokoa mankany amin'ny sarotra kokoa. Oh: Nanana zavatra holazaina Izy kanefa tsy vonona ny mpianatra .

"Raha tokony nampianatra ny zavatra rehetra ambanin'ny masoandro Izy dia naleo nanao zavatra vitsivitsy mikasika ny masoandro."(p.18)

G.(Wendt, 1892)

1. Azon'ny olona rehetra

a. Fanambarana filazana miaraka amin'ny ohatra. Oh: reseo ny ratsy, omeo ny takolaka ilany

b. Fampitahana. "Mandray ny fanjakan'Andriamanitra tahaka ny zaza"; "ondry eo anivon'ny amboadia"

2. Vohoka mahatalanjona

a. Fahazavana lehibe ao anatin'ny toro-làlana faran'izay fohy

b. Fomba fiasa tsy vaovao saingy ampiasainy amin'ny fomba tena mora sy mazava ary miaraka amin'ny antsipiriany hafa kely.

H.(Wilson, 1974)

1. Nahafantatra izay zakan'ny mpianany

2. Nampiasa famerimberenana tamin'ny fomba nahomby

3. Namporisika ireo mpianatra matotra

4. Naneho fihetsika mahitsy mitaha ny amin'ny tenany

5. Nanangana sy nihazona fifandraisana marina teo amin'ireo mpianany

6. Mazava ny fahatsoran'ny fombany

7. Fampiasana tohan-kevitra hita maso

8. Fampiasana fanontaniana

9. Fomba fiasa amin'ny alalan'ny hetsika

I. Ny fampiasana fanontaniana

1. Nampiasa fanontaniana mba hampidirana tantara , hampivoitra fahamarinana, hamoha ny fahalianana, hampahatsiahy fahalalana, hilazana fihetseham-po, hahalalana ny antony manosika, hampangiana ireo mpanameloka, hilazana zavatra ilaina hanomanana zavatra ilaina iray ao an-tsaina,hanomanana ny sain'ny mpihaino, hanazavana ny fiheritreretana, hahitana ny fahazoana, hilazana ny hafatra entiny ho amin'ny fiainana,ary hanomezana valiny (Held, 1976)

2. Mifantoka amin'ny zavatra ilaina , mamaha olana

3. Tsy namaly fanontaniana mivantana fa nilaza foto-kevitra ; ny mpihaino no mampihatra ho an'ny tenany(Marquis 1925)

4. Mandray an-tanana ny zavatra sarotra amin'ny famaliana fanontaniana ny fanontaniana

5. Zatra nitondra ny toe-tsain'ny fifankahazoana tao an-trano. Oh:"Iza amin'izy roa no namako?"

6. Fampiasana fanontaniana manodidina ilay lohahevitra:"hamaly ny fanontanianao aho raha mamaly ny ahy hianao"(Matio 21:23-27)

IV. Ny fahagagana- fomba fampianarana iray (Izay mety "fantatrao…"[Marka 2:10-12])

A. Ny teolojian'ny testamenta vaovao dia mampivoitra ny fandresena an'I Satana ho lohahevitry ny fahagagana nataony(Jesosy). Oh: famoahana fanahy ratsy mariky ny fandresena ireo fanahy(Grassi, 1973)

B. (Brunt, 1981)

1. Asa hanaporofoana fanambarana

a. famelana ireo fahotana

b. marika , zavatra izay manondro mihoatra ny famantarana zavatra lehibe kokoa

c. Famahanana ireo dimy arivo, fanasitranana ilay lehilahy jamba(Jaona 9). Feno lesona ara-panahy. Maneho an-tsary ny toetry ny fivoarana amin'ny fandraisana ny fahamarinana .

C.(Wilson, 1974) Fahagagana tohana hita maso (toko7)

V. Hetsika fianarana(Wilson,1974,Lebar, Marquis)

A. Mianatra eo am-panaovana, fitohizan'ny votoatiny ary fanandramana.

B. Asa ampanaovina, oh: mitory avy eo miverina manao tatitra.

LESONA E

V.**FANANDRAMANA FAMPIANARANA MAHAZATRA**

FAMPIDIRANA

Ny fahalalana tena ilaina indrindra eto amin'izao tontolo izao dia izay nanova ny fifandraisana teo amin'ny olona sy Andriamanitra. Efa tanjon'I Jesosy foana hatramin'izay ny hanaparitaka io fahalalana io. Nataony tamin'ny alalan'ny teny sy asa izany. Ny andraikitry ny mpihaino dia ny mamaly ny fitiavan'Andriamanitra foana, mihoatra noho ny fitanisana zava-nisy. Ato amin'ity fanandramana fampianarana mahazatra manaraka ity ,dia mariho ny fomba nampiasan'ny Jesosy ny fomba fampianarana hamakivakiana mankany amin'izay tena ilain'ny fanahy.

Tanjona

Ankoatry ny famitana famelabelarana an-dakilasy sy ny vakiteny amin'ity ampahany ity ,ny mpianatra dia tokony afaka hamaly ireo fanontaniana maneho fahalalana sy fahazoana ny foto-kevitry ny fampianarana tafiditra ao amin'ireo fanandramana fampianarana mahazatraao amin'ny drafitra.

Fanampin'izany ilay mpianatra dia tokony afaka hamehy sy hampihatra ity fahalalana ity sy hahazo izany farafahakeliny araka ireto fomba manaraka ireto:

1. Ampitahao sy ampifanohero ny fomba fiasa nampiasain'I Jesosy mba: (a) hampifanarahana ny fampianarana amin'ny tsirairay;(b) hampifoha ny fahalianana; (d) hiaingana avy amin'ny toe-javatra eo amin'ny fiainana ho amin'ny toe-javatra ara-panahy eo amin'ny fanandraman'ilay vehivavy teo am-patsakana, Nikodemosy ary ny fanasitranana ilay lehilahy jamba
2. Hazavao ny toetoetry ny fivoaran'ilay toriteny teo an-tendrombohitra

Vakiteny voafantina fanampiny

Lebar(1958)pp. 49-74

Horne(1982) pp.1-8,39-62,155-169

Pasteur Heriniaina Randriamanantena

Wilson(1974)pp39-54

White,E.G. Ilay Fitiavana Mandresy ,pp 167-177,183-195,298-314,463-475.

McKoy(1930)pp.71-74 “His conversation”

Hinsdale(1805)pp190-200 “How He Handled Cases”

T**etik’asa hisafidianana:**

1. **Vakio** ary lazao ireo foto-kevitra avy amin’ireto manaraka ireto:

Wilson (1974) “His Understanding of His Stuents”

Horne (1982) “His Conversations”, “His Questions”, “His answers”, “Did Jesus Appeal to native Reaction?”

Rehefa izany, avy amin’*Ilay Fitiavana Mandresy* ,vakio ny toko “Teo amin’ny fatsakan’I jakoba”,”Nikodemosy”, “fahazavan’ny fiainana”, dia fantaro ny foto-kevitra havoitra ao.

2. Fantaro ny fomba fampianaran’I Jesosy tamin’ny toriteny teo an-tendrombohitra araka ireo voatanisa eo amin’ny toko teo aloha.

Fampitomboam-pahalalana

“Ho an’ny sy ho fanehoana an-tsary ny fomba fampianaran’I Jesosy dia ampitahao ny asa fampianaran’I Kristy tamin’ny fomba fanantonany sy ny resaka nataony tamin’ilay vehivavy samaritana teo amin’ny fatsakan’I Jakoba(Jaona 4:1-42) sy tamin’I Nikodemosy (Jaona 3:1-21)”(Aultman,1966,p20)

“Ny sasany amin’ireo tenin’I Kristy manan-danja indrindra, voatanisa matetika indrindra dia avy amin’ireo resaka manokana ireo: (Held,1976,p17).

1. Nilaza nivantana ny tiany hambara tamin’I Nikodemosy izay lehilahy avara-pianarana sy nanankaja Jesosy.
2. “Omeo rano aho hosotroiko hoy Izy tamin’ilay vehivavy.
3. Nikodemosy dia efa nanana fahaizana tao aminy
4. Ilay vehivavy tsy dia nanana fahitana ara-panahy sy ara-pahaizana loatra.

5. Nentin'I Jesosy niainga avy amin'ny nisy azy ho eo amin'ny zavatra mahaliana azy ilay vehivavy. Nikodemosy kosa efa liana.

Endri-pampianarana hita eo amin'ny ohatra tsotra:

1. Tsy nanana hevitra nibahana mialoha mihitsy Izy
2. Nanomboka teo amin'ny toerana nisy ny olona tsirairay izy ary navelany hitarika ny fizotry ny fampianarany ny fivoaran'izy ireo.
3. Voafaritra tamin'izay nianaran'ny mpianany izay nampianariny
4. Hainy daholo ny fomba fiasa rehetra
5. Nisy fiantraikany tamin'ny votoantin'ny nataony ny toerana sy ny manodidina
6. Namporisika fiaraha-miasa Izy
7. Nampianatra tamin'ny alalan'ny ohatra Izy;

Toe-javatra nampianarana

A. Niainga avy amin'ny fanandraman'ny olona avy eo mankany amin'ny Soratra Masina(Bower, 1943)

B. Fanoharana nanehoana trangan-javatra voafaritra mazava, dingan'ny fitiavana am-perin'asa ny fiainana(Grassi, 1973)

C. Fotoana teo amin'ny ara-toetra. Nampiasa toe-javatra iray misy olana. Nahafantatra rehefa tsy nahazo intsony ny mpihaino. Nanao antso ho amin'ny fanandramana teo aloha. (graves,1919).

"Teo amin'ny fatsakan'I Jakoba, raha naka rano ny vehivavy iray , no nampianarany ny lesona mahafinaritry ny ranon'aina. Iray andro taorian'ny namahanany ny dimy arivo – rehefa tonga nifanizina teo aminy ny vahoaka noana trondro sy mofo—no niresahany tamin'izy ireo ny mofon'aina. Teo am-piasana , nanjono no niantsoany an'I Petera,Andrea, Jakoba sy Jaona ho mpanarato olona"(Wayland,1919,p33)

D. Nanomboka teo amin'izay nilain'ny olona(Held, 1976)

E. Ny olona no nanomboka ny trangam-pampianarana. Oh: rehefa nametraka fanontaniana izy ireo;

F. Fampianarana teny amoron-dalana. Oh:Nikodemosy, ilay vehivavy teo am-patsakana(Marquis, 1925).

G. Fomba fiasa nifanentana tamin'ny zava-nisy,indraindray nanao fampianarana rehefa be olona teo , na niresaka manokana tamin'ny tsirairay.(Tucker, 1936).

Ilay vehivavy teo am-patsakana

"Nampifantoka ny fampianarany nanodidina ny toe-javatra teo amin'ny fiainana Jesosy, nikendry ny hanome ireo filàna lalina tao amin'ny tsirairay. Nanomboka teo amin'izay fanandramana niainan'ny olona Izy. Avy eo dia nitodika tamin'ny tenin'Andriamanitra Izy hanampiana hanome izay ilaina izay ary niverina eo amin'ilay mpianatra amin'ny fampiharana io fahamarinana io eo amin'ny fiainana."(Held,1976,p15)

A. ohatra ny amin'ny fanantonan'I Jesosy:

1. Nampiasa fahamorana teo amin'ny fanorenana fifandraisana

2. Namoha fahalianana ary nihazona fifantohana

3. Nampiasa fomba firesahana tsotra

4. Tsy nametra-panontaniana betsaka Jesosy fa namela azy hanontany

5. Namaly ny olona mihoatra ny fanontaniana.

"Nandresy lahatra azy Jesosy fa namaky ny tsiambaratelon'ny fiainany Izy; na izany aza nahatsapa izy fa namana namindra fo sy tia azy Izy."(Ilay Fitiavana Mandresy,p189)

6. Nanomboka tamin'ny zavatra azo tsapain-tanana(rano) nefa nampiasa sarin-teny

7. Nifindra avy amin'ny ara-tsaina mankany amin'ny ara-môraly

8. Nahafantatra ny mpianany

9. Ireo olana no fototry ny fifampiresahana(zava-nisy sy tsapa, ara-tsaina sy azo ampiharina).

    - Fiainan'ny vehivavy
    - Olana ara-teolojia

- Nanantena Mesia

10. Mamoha ireo antony, fahalianana,fahatsapana ary fanompoana matoritory

11. Nanao fanambarana lehibe mikasika ny tenany

12. Nampiaraka ny fanambarana tamin'ny teny sy asa("andeha antsoy vadinao")

B.LeBar(1958)pp.52-58

"Nanomboka teo amin'izay nisy ilay vehivavy Jesosy niaraka tamin'ny tanjony hankeo amin'ny fantsakana. Satria rano no tao an-tsainy, dia niresaka taminy mikasika ny rano Izy. Satria ny fifandraisany tamin'ny olona hafa no tao an-tsainy dia nasehony azy fa tsy naniry ny hisitaka aminy toy ny nataon'ny sasany Izy."(p53)

1.Amin'ny fanombohana ny lesona amin'ny fangatahana manokana, Jesosy dia:

a- namoha fahalianana sy fanontaniana

b- namoha fahalianana tao amin'ny Tenany amin'ny maha-Persona Azy

d- nametraka ireo mpianatra ho adidiny

e- nanome azy fahafahana hamaly amim-pahavitrihana

2. Voatarik'I Jesosy handray anjara mavitrika ny mpianany tamin'ny :

a-famelana azy hametraka ilay fanontaniana fitarihana ho amin'nny lesona

b-famelana ny fahalianany hitarika avy hatrany any amin'ny lesona

3. Nanome ireo tena nilaina ara-panahy Izy

a. ny fahotana manokana no nokarakarainy fa tsy teolojia no noresahany

b. nanambara mazava ny tenany ho ilay Mesia

4. Asa—vehivavy nitarika ny hafa ho eo amin'I Kristy

Nikodemosy

LeBar(1958)pp.59-62

1. nampiasa fehezanteny fototra mazava mba hampiritreritra azy
2. nanaiky an'I nikodemosy ho mpitarika

a. niresaka nifanaraka tamin'ny fahalalany

b. nanitatra fahalalana , nanao fanambarana ankapobeny ny amin'izay tokony ataon'ny mpitarika

3.Miresaka hatrany avy amin'ny zavatra fantatra (rivotra) mankany amin'ny tsy fantatra(fanahy)

Lehilahy jamba sitrana

Lebar(1958)pp.26-29

1. Tsy nentin'I Kristy nitovy daholo ny lehilahy jamba rehetra
2. Ny fahavononan'ilay lehilahy jamba no nampisy fahasamihafana
3. Rehefa nampivoitra finoana dia ilay lehilahy jamba no nampiasaina ho votoantin'ny lesona hanoehoana finoana miasa
4. Nanasitrana tamin'ny dingana roa , mba hanehoana ny mpianany ny asany nandeha ambaratonga
5. Fanasitranana ara-panahy no anton-dresaka

Fanoharana teo amoron-dranomasina

LeBar(1958)p.69

"Nilaza A.T. Pierso fa "ny fanoharana tsirairay nataon'I jesosy dia fahagagam-pahendrena, ary ny fahagagana tsirairay dia fanoharana fampianarana"(p69)

"Satria Kristy tsy nilaza mivantana avy hatrany ny resaka ara-panahy tafiditra ao amin'ny tantara ataony, dia mitarika ny mpihaino Azy hamakafaka amim-pahavitrihana ny olany manokana Izy sy hianatra avy amin'ny hetsika ataon'ny tenany manokana. Izy tenany ihany no manao ny fampiharana"(p69)

Vondrona telo miaraka

LeBar(1958)pp.72-74; Lioka15 sy 16

1. Mpamory hetra sy mpanota

2. Fariseo sy mpanora-dalàna
3. Ny mpianany(16:1)

Fahasambarana

Branscomb, 1926

"Ao amin'ny toriteny lavalava izay voatahiry dia nandray foto-kevitra fitarihana sasantsasany izy, naneho izany tamin'ity lafiny ity na izaroa, naneho izany an'ohatra tamin'ny fanoharana, naneho ny fampiharana izany teo amin'ny fiainana tamin'ny ohatra azo tsapain-tànana, rehefa izany dia namerimberina izany ho amin'ny fisainanana lehibe (lohahevi-dehibe) izay resahiny"(p26).

1. Ho an'I Branscomb, ny lohahevitry ny Toriteny teo an-tendrombohitra dia ny toetry ny fahamarinana kristiana.
    a. Naseho an-tsary tao amin'ny fitahiana.
    b. Nifanohitra tamin'ny foto-kevitry ny Jiosy
    c. Manazava izay tena dikany amin'ny fampiharana
    d. Fahatokiana tanteraka no toetran'ny marina
    e. Fampitandremana sy fangatahana

2. Fanehoana an-tsary sy fanontaniana nampiasain'I Jesosy teo amin'ny Toriteny teo an-tendrombohitra (Tucker, 1936,p22 &81).

Fampiharana-Lesona F

VI. **LESONA LEHIBE INDRINDRA HO AN4NY FOTOANA REHETRA (ny hazo fijaliana)**

Fampidirana

Ny fanoharana rehetra ,ny fahagagana rehetra ary ireo fomba hafa fampianaran'I Jesosy dia mitodika any amin'ny hazo fijaliana voalohany indrindra. Ny hazo fijaliana no

fitaovana entina manokatra ny maso sy sofina , na hanomezana aina ho an'ny vatana , hanasitranana ny fifandraisana tapaka teo amin'Andriamanitra sy ny olona. Ny tanjon'ny fampinaran'I Jesosy dia ny hampifoha ao anatin'ny tsirairay ny fahatsapany ny toerana misy azy ka ahafahany mandray ny fanasitranana avy amin'ny hazo fijaliana(Matio 13:14-17;Jao 3:14,15). Mahita ny valin'ny fanontaniana momba ny fiainana sy izay zavatra tadiavin'ny fanahiny eo amin'ny hazo fijaliana ny mpianatra. Ny hazo fijaliana no fankalazana azo tsapain-tanana ny foto-kevitra nampinarin'ny Tompo. Izy no fara-tampony amin'ny fifandraisana. Izany(ny hazo fijaliana) dia sady manome ny hery hahafahana manao zavatra sy ny modely misintona ny mpianatra hanohy ilay iraka farany-no manome hery hitiavana an'Andriamanitra amin'ny fara-tampony sy hanehoana fitiavana ny olona. Noho izany ny hazo fijaliana no lesona lehibe indrindra amin'ny fotoana rehetra.

Tanjona

Amin'ny famintinana ity ampahany ity , ny mpianatra dia tokony afaka hanazava hoe nahoana ny hazo fijaliana no lesona lehibe indrindra amin'ny fotoana rehetra.

Vakiteny hisafidianana

Lebar,1958,pp74-81

Jereo koa Case and Youngberg,1985

Asa ampanaovina

Mam piasà konkordansa na/sy Baiboly misy lohahevitra. Jereo ny fotoana izay nilazan'I Jesosy ankolaka ny hahafatesany eo amin'ny hazo fijaliana ho an'ny olombelona. Raiso naoty ny fanandramam-pampianarana mifandraika amin'ireny fotoana ireny. Azavao ny fomba hanampian'ireny fotoana ireny hanazavana ny dikan'ny hazo fijaliana.

Fampitomboam-pahalalana

"Tamin'ny voalohany dia tsy maintsy nampitombo sy nampanan-karena ny fiheveran'izy ireo an'Andriamanitra Izy, tsy maintsy ihany koa nitantara ny fisian'Andriamanitra eo amin'ny fiainana ankapobeny, ary koa nanampy azy ireo hibanjina izany amin'ny fahitana ny fahafenoany tonga olona teo amin'ny Tenany. Ankehitriny Izy dia tsy maintsy manazatra azy ireo ny amin'ny maha-zava-dehibe ny faneken'izy ireo Azy, manampy azy ireo hahazo ny toetrany sy hizara ny tombam-bidiny; avy eo ny hampianatra azy ireo hahita amin'ny fomba fijery nohavaozina ny fidiran'ny faneken'izy ireo eo amin'ny fiainana sy fitondrantena; ary farany dia ny hampihatra ny lesona nomeny eo amin'ny asa

famaranana sy miavaka izay tokony hitarika ny sisa rehetra ho eo amin'ny teboka iray izay hifantohana". (Raven,1928,p. 175).

"Tsy ho nisy dikany ny hazo fijaliana raha tsy ho an'ny fahamarinana izay nialoha azy. Tsy kalvary no filazantsara rehetra fa izy kosa no faratampon'izany. Fotoana ela talohan'ny nijaliany,dia voalaza fa nanomboka nampianatra Izy fa tsy maintsy ataony izany ary nanavaza ny antony. Efa tena sarotra tamin'ny mpianatra ny nahatakatra ny fahafatesan'I Jesosy amin'ny maha-izany azy ary tsy nety takany mihitsy ny dikany nandritra ny telo taona nampianarana azy satria ny sainy dia mivezivezy foana nandritra ny fiainany. (Marquis,1925,p.5)

Fampiharana-Lesona G

VII. IRAKA LEHIBE INDRINDRA TEO AMIN'NY TANTARA

(Maha-mpianatra II)

Fampidirana—"Mandehana hianareo ary ataovy mpianatra"

Ny tanjona fara-tampon'ilay Tompo Mpampianatra dia ny hanofana mpampianatra. Taorian'ny telo taona niainana fianarana, ny mpianatra dia nasaina nanohy sy nampivelatra ny asany. Nomenyazy ireo ny iraka lehibe (Matio 28:18-20). Hery amin'ny endrika Fanahy Masina no nampanantenaina (Asa 1:8). Ny Fanahy Masina no hanohy hanampy ny singa masina amin'ny asa fanompoana fampianarana nataon'I Kristy , miasa amin'ny alalan'ny olombelona mpiasa. (Jaona 15:26,27; 16:7-16).

Tanjona

Ny mpianatra izay nahavita ity fianarana ity dia tokony afaka hanazava ireto manaraka ireto:

1. Ny anjara asan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fampianarana
2. Ny endrika asa fampianarana samihafa nomena ny fiangonana

Vakiteny hisafidianana

White, E.G. Acts of the Apostles,pp 25-56

LeBar, 1958,pp229-245

Asa azo atao

1.Manaova lisitra roa avy amin'ny vakiteny nataonao. Eoamin'ny ankilany, ataovy lisitra ny anjaran'Andriamanitra ary amin'ny andaniny ny anjaran'olombelona amin'ny asa fanabeazana izay navelan'I Kristy tamin'ny mpianany.

2. Mampiasà konkordansa sy/na Baiboly misy lohahevitra ary manaovà lisitra lahatsoratra izay maneho sy mamaritra ny asa fampianaran'ny fiangonana.

Fampitomboam-pahalalana

Pasteur Heriniaina Randriamanantena

“Ho tenam-pampianarana no lehibe indrindra nanaovan’I Kristy ny fiangonana. Ny apostoly dia nalefa hampianatra. Iray amin’ny zavatra farany nolazainy azy ireo dia ny hampianatra izao tontolo izao hitandrina ny zavatra nandidiany azy ireo. Ny fiangonana, tahaka ny Tompony , dia natao hanao zavatra maro ankoatra ny mampianatra ,kanefa tsy natao mihitsy izy hanadino ny endrika lehibe ny fiainany sy ny asany. Jereo ny tastamenta vaovao manontolo ,ary ho gaga hianao ahita ny fomba nanasongadinana hatrany sy maneran-tany ity asa fampianarana ataon’ny fiangonana ity.”(Marquis,1925,p.6)

“Ny Iraka Lehibe dia sady fiaikam-pitaizana no programa. Ary matetika no nantsoina ho asa ataon’ny misionera izany. Tena izany tokoa izy io kanefa mbola manoatra izany aza. Ny teny hoe “mampianatra” no azo antoka fa mibahana indrindra amin’ilay hafatra. Nasaina **nampianatra** izy ireo –ny fanabeazana kristiana dia ny fomba fiasa hanatanterahana ny tanjon’I Kristy. Nasaina “**NANDEHA**” nampianatra izy ireo –ny fanabeazana kristiana dia tokony ho misionera ny ampahany be. Nasaina nampianatra ny “**FIRENENA REHETRA”**izy ireo—ny fanabeazana kristiana dia tokony ho an’ny olona rehetra sy mahatratra ny olona rehetra. Nasaina nampianatra izy ireo, nanao “**BATISA”—**ny fanabeazana kristiana dia ny hanao izay hahazoana antoka ny fileferana malalaka amin’I Kristy. Nasaina nampianatra ny olona rehetra izy ireo “**HITANDRINA IZAY REHETRA NANDIDIANA”**. Ny fanabeazana kristiana dia tokony hahafoaka ny famintinana rehetra ny didin’I Kristy mikasika ny andraikitry ny olona amin’Andriamanitra sy ny olona , ary mampisy asa”(Murch,1943,p.39).

“Ny Fanahy no mpampianatra Ambony Indrindra izay nizarazara tamin’ny olona ny fahazoana mamorona sy ny fahakingana izay nataony tao amin’I Jesosy mihitsy tamin’ny voalohany. (Grassi,1973,p.v)

Ny fanahy Masina sy ny fampianarana

A. Fanahy Masina Mpampianatra

1. 1Kort 2:13- “ny teny… izay nampianarin’ny Fanahy Masina”

2. Ijaona 2:20-“… hosotra avy amin’ilay Masina ka mahalala ny zavatra rehetra”

3. Efes 1:17,18- Fahazavana

4. Jaona 16:7-11- mandresy lahatra

B. Fitambaran’ny olona sy ny Masina

1. LeBar, 1958,pp229-245

a- ampitahao ny anjarantsika sy ny anjaran'Andriamanitra, p81

b-ny Fanahy Masina eo amin'ny fizotran'ny fampianarana

- Kristy no ivo fa tsy ny asa
- Fahitana ao amin'ny maha-olona
- Manao ny teny nolazaina ho fanandramana anaty
- Ny olana rehetra mifototra amin'ny ara-panahy
- Manaova fanomanana ankapobeny nefa aoka ho vonona amin'ny fitarihan'ny Fanahy

Antso iray

Inona no ataonao mikasika ity? Moa anisan'ny asa fanompoana ataonao ve ny Fanahy Masina?

BIBLIOGRAFIA

Anderson,N.(1983). *The Teaching of jesus.* Downers Grove,Illinois: InterVarsity Press.

Aultman,D.S/(1966).*The Ministry of Christian Teaching.*Cleveland,Tennessee: Pathway Press.

Bailey,K.E.(1976).*Poet and Peasant.*GrandRapids,Michigan,WilliamB.Eerdmans

Publishing company.

Bailey,K.E.(1976). *Through Peasant Eyes.*Grand Rapids, Michigan,William B. Eerdmans

Publishing Company.

Beardslee,C.S.(1905). *Teacher Training with the Master Teacher.* Philadelphia: The Sunday school times Co.

Bower,W.C.(1943). *Christ and Christian Education.*New York: abingdon. Cokesbury Press.

Bowman, J.W.(1963). *Jesus Teaching in itsenvironment.*Richmond,Virginia:John Knox Press.

Branscomb,H.(1926). *The message of Jesus.*Nashville,Tennessee:Cokesbury Press.

Branscomb, h. (1931). *The teaching of Jesus.*New york: Abingdon Press.

Brunt,J.C. (1981). *A Day for Healing.*Washington,D.C.: Review and Herald Publishing Association.

Clement of Alexandra.(C.190 A.D.). *Christ the teacher.* Translated by Simon P. Wood,C.P. New york: Fathers of the church, Inc., 1954.

Colwell,C.E/(1947). *An Approch to the Teaching of Jesus.*New York: abingdon-Cokesbury Press.

Curtis,W.A.(1943).*Jesus Christ the teacher.*London: Oxford University Press.

Deever,P.O(1975).*Lending the Parables our Ears.* **Nashville**: tidings.

Fuller. R. H. (1963). *Interpreting the Miracles.* Philadelphia: The Westminster Press.
Gangel, K. O. & Benson, W. S. (1983) *Christian Education: Its History and Philosophy.* Chicago: Moody Press.
Graendorf, W. C. (1981). *Introduction to Biblical Christian Education.* Chicago: Moody Press.

Grassi, J. A. (1973). *The Teacher in the Primitive Church.* Santa Clara, California: University of
Santa Clara.
Grassi, J. A. (1982). *Teaching the Way.* Washington, D. C.: University Press of America, Inc.
Graves, F. P. (1919). *What Did Jesus Teach?* New York: The Macmillan Co.
Held, R. G. (1976). *Learning Together.* Springfield, Mississippi: Gospel Publishing House.
Hinsdale, B. A. (1805). *Jesus as Teacher.* St. Louis: Christian Publishing Company.
Horne, H. H. (1937). *The Philosophy of Christian Education.* New York: Fleming H. Revell Company.
Horne, H. H. (1982). *Teaching Techniques.* Grand Rapids, Michigan: Kregel Publications.
Jones, P. R. (1982). *The Teaching of the Parables.* Nashville, Tennessee: Broadman Press.
Kent, C. F. (1911). *The Great Teachers of Judaism and Christianity.* New York: Eaton & Mains.
LeBar, L. E. (1958). *Education That Is Christian.* Fleming H. Revell Company.
McKoy, C. F. (1930). *The Art of Jesus as a Teacher.* Philadelphia: The Judson Press.
Marquis, J. A. (1925). *Learning to Teach from the Master Teacher.* Philadelphia: Westminster
Press.
Matthews, W. R. (1939). *Christ.* New York: The Macmillan Company.
Mohler, J. (1973). *The School of Jesus.* New York: Alba House.
Murch, J. D. (1943). *Christian Education and the Local Church.* Cincinnati, Ohio: The Standard
Publishing Company.
Raven, C. E. (1928). *Christ and Modern Education.* London: Hodder and Stoughton.
Richardson, N. E. (1932). *The Christ of the Class Room.* New York: The Macmillan

Stevens, G. B. (1901). *The Teaching of Jesus.* London: The Macmillan Company.

Tucker, F. I. (1936). *Jesus the Modern Teacher.* Unpublished Master Thesis, University of Washington.
Wayland, J. W. (1919). *Christ as a Teacher*. Boston: The Stratford Company, Publishers.
White, E. G. *Acts of the Apostles.*
White, E. G. *Christ's Object Lessons.*
White, E. G. *Counsels to Parents and Teachers.*
White, E. G. *Desire of Ages.*
White, E. G. *Fundamentals of Christian Education.*
White, E. G. *Ministry of Healing.*
Wilson, C. A. (1974). *Jesus the Master Teacher.* Grand Rapids, Michigan: Baker Book House.
Wendt H. H. (1892). *The Teaching of Jesus.* Trans. by John Wilson. New York: Charles Scribner's Sons.

Nom du document : ARE 105_TEKNIKA FAMPIANARAN'I JESOSY_Teaching Techinques of Jesus_aln.docx
Répertoire : C:\Documents and Settings\user\Bureau
Modèle : C:\Documents and Settings\user\Application Data\Microsoft\Templates\Normal.dotm
Titre : IICM – Malagasy – IOUM – MIN PERS.
Sujet :
Auteur : Vola
Mots clés :
Commentaires :
Date de création : 17/05/2012 12:44:00
N° de révision : 3
Dernier enregistr. le : 17/05/2012 12:50:00
Dernier enregistrement par : bANDY pIRATY
Temps total d'édition : 6 Minutes
Dernière impression sur : 17/05/2012 12:52:00
Tel qu'à la dernière impression
Nombre de pages : 62
Nombre de mots : 12 982 (approx.)
Nombre de caractères : 71 402 (approx.)